Ny Tombokase Fahatelo

Manao ahoana, ry sakaiza. Ndao isika hitsangana vetivety fotsiny ankehitriny ho an'ny vavaka. Hanondrika ny lohantsika isika.

2 Rainay any An-danitra, raha mandre an'izany—izany hira fiderana tsara tarehy izany izahay, izahay—dia mieritreritra izahay, Tompo, ny . . . fa akaiky Ianao. Ary mivavaka izahay mba Handraisanao anay izao hariva izao, Tompo, tahaka ny Zanakao, mba hamela ny fahotanay sy ny helokay rehetra, ary hanome anay ny avy amin'ireo Fitahianao, satria vahoaka iray manana ilaina izahay.

3 Ary ao amin'ity ora lehibe izay iainanay ankehitriny ity, ary hitanay, isan-taona, fa miha-maizina sy miha-maizina ilay izy, ho an'izao tontolo izao. Ka ny Fihavian'ny Tompo dia miha-mamiratra sy miha-mamiratra, arakaraky ny Anehoany ny Tenany ao amin'ny . . . ao amin'Ny Teniny sy ao amin'ny Fanehoany. Tonga indray izahay, izao hariva izao, Tompo, mba hanandrana, amin'ity fivoriana ity, sy hivavaka Aminao mba hanokatra ho anay, Tompo, an'ity Tombokase Fahatelon'ity Boky ity, mba ho ampahafantarina anay izany, mba hahafantaranay an'izay hatao sy hoe ahoana no iainana, ary ahoana no haha-Kristiana tsaratsara kokoa.

4 Mivavaka aho, Andriamanitra, mba Hanaovanao ny tsi-Kristiana rehetra ato, izao hariva izao, hahafantatra fa mila Anao izy ireo. Ekeo izany. Ary izaho—mivavaka aho, Ray any An-danitra, mba hahafantaran'ny Kristiana tsirairay nateraka indray fa tsy maintsy miaina akaiky kokoa noho izay niainany tamin'ny lasa izy, mba hahatonga anay rehetra ho ao anatin'io firaisam-pitiavana sy finoana Kristiana io.

5 Ekeo mba ho sitrana ny olona marary rehetra eto afovoanay izao hariva izao, Tompo. Tena fantany fa mila Anao izy ireo. Ary mivavaka aho, Ray, mba Hitahianao ny zavatra rehetra izay vita sy voalaza, ho an'ny Hajanao sy ny voninahitrao, amin'ny Anaran'i Jesosy no angatahanay an'izany. Amena.

6 Eny, izao hariva izao, indray, dia mivory miaraka indray isika ho an'ity, ny—ny Alarobia hariva an'ny herinandro. Ary matoky ny Tompo isika, izao hariva izao, ho an'ny—ny fandrotsahana lehibe an'ireo Fitahiany eo amin'Ny Teniny. Ary nianatra aho androany, araka ny mahazatra, ary niezaka nieritreritra an'ireo zavatra izay mety tsara kokoa ho lazaina, ary ny zavatra, ahoana no ilazana azy, ary avy eo dia miankina amin'ny Tompo mba hanome ahy ny fandikana sy ireo dikan'ny—an'ity Teny izay voasoratra ity. Ary mankasitraka Azy aho ny

amin'izay Nataony ho antsika nandritry ny herinandro, izay isika . . . ny amin'ny fanokafana an'ireto Tombokase ireto.

7 Ary, izaho, mety ho zavatra iray tsara angamba raha amin'ny Alahady maraina, ao . . . Fantatrareo, matetika . . . Tsy tianay ny tsy ho azo tsara, fa, fantatrareo, ianareo . . . Tahaka an'izany ilay izy. Ary noho izany, angamba, amin'ny Alahady maraina, raha ny rehetra izay manana fanontaniana iray ao antsaina mikasika an'izany, no hanoratra an'izany ka hametraka an'ilay izy eto amin'ny birao eto, amin'ny Sabotsy hariva, ka ahafahako hahita hoe inona ilay izy. Ary avy eo dia hiezaka aho ny hamaly an'izany ho anareo, amin'ny Alahady maraina, raha sitraky ny Tompo. Heveriko fa izany no ho tsaratsara kokoa noho izay nokasaintsika, satria matetika dia tsy azo ilay izy, fantatrareo. Ary noho izany dia tahaka an'izany no hanaovako . . . Ho tsaratsara kokoa ny hanaovako—hanaovako azy hahitsy, fantatrareo. Izany dia ho arak'izay tokony haha-izy azy mihitsy. Satria, matetika, ankehitriny . . .

8 Nisy olona iray niantso ahy androany ary nilaza, fa—fa, niantso ary te-hahafantatra raha marina ilay izy, hoe, "Rehefa ny—miseho ny Fampakarana, dia hisy anankiray fotsiny ihany eto Jeffersonville ary anankiray any New York, fa ny sisa amin'izy ireo dia any am-pitan-dranomasina." Noho izany, hitanareo, tsy azo fotsiny ilay izy. Avy eo dia nisy olona iray nilaza, hoe, "Amin'ny Sabotsy hariva, raha omen'ny Tompo antsika ilay Tombokase farany, amin'izay fotoana izay dia ho eto Jesosy ny Alahady maraina." Hitanareo? Noho izany ilay izy dia—ilay izy dia . . . Hitanareo, ianareo—ianareo tsy . . . Izany, tsy tahaka an'izany ilay izy. Ary ianareo tsy . . . Tsy izany ilay izy.

9 Tsy mahafantatra isika. Raha misy olona iray miteny aminareo fa fantatr'izy ireo hoe rahoviana Izy no ho avy, dia fantatrareo fa diso izy ireo, eo am-panombohana, satria tsy misy anankiray mahafantatra an'izany. Fa isika dia te-hiaina, androany, toy ny hoe izao ankehitriny izao izany.

10 Somary hampihodinkodina kely anareo mandritry ny iray minitra aho, noho izany dia mivonòna. Izaho—mino aho fa Jesosy dia ho tonga ao anatin'ny, latsaky, ny telo minitra manomboka izao ankehitriny izao, an'ny Fotoany. Fantatrareo ve hoe hafiriana izany? Eo amin'ny dimy amby telopolo taona eo. Hitanareo, ny arivo taona dia iray andro fotsiny ihany, Aminy, hitanareo.

11 Noho izany, rehefa mandre an'ilay apostoly ianareo eto manao hoe, "Antomotra ny andro," eto, "antomotra ny andro." Milaza an'izany ilay apostoly ao amin'ny Apokalypsy. Fantatrareo ve hoe hafiriana izany? Izany dia tsy . . . Vao omaly fotsiny izany, ho an'Andriamanitra, tsy mbola roa andro akory aza.

12 Ary, hitanareo, raha telo minitra izany, latsaky ny telo minitra amin'Ny Fihaviany, hitanareo, izany dia ho telopolo taona, eo ho eo, ho antsika, na zavatra tahaka an'izany. Ary jereo hoe ahoana, ho inona Aminy ny telo minitra: efa eo ampitsanganana Izy, mba ho avy. Noho izany isika, ianareo . . . matetika rehefa mamaky eto ianareo, dia miresaka ao amin'ireo fitenin'ny Teny Izy, hitanareo, fa tsy ao amin'ny fitenintsika.

13 Ary avy eo raha fantatro fa ho avy Izy rahampitso hariva, rahampitso hariva, dia hianatra aho rahampitso hariva ka hangataka Aminy mba hanome ahy ny Hafatra ho an'ny Tombokase Fahefatra. Dia ho avy eto aho ka hitory an'Izany, na izany aza. Hitanareo? Izaho—te-hanao ny andro rehetra fotsiny aho tahaka an'izay hataoko rehefa tonga Izy. Ary tsy mahafantatra toerana hafa tsaratsara kokoa noho ny ho tratra eo amin'ny toeran'andraikitra mihitsy aho, hitanareo, eo amin'ny toeran'andraikitra mihitsy. Noho izany dia manohy fotsiny isika mandra-Pihaviny.

14 Matetika rehefa mamaky fotsiny isika, ary, ankehitriny, dia mitandrema tsara mihitsy. Ary rehefa mamaky ianareo, alaivo ireo horonam-peo, henoy tsara mihitsy izy ireo. Satria, ho azonareo eo amin'ny horonam-peo izany, satria namerina nihaino an'ireo horonam-peo ireo izy ireo, ka tena tsara sy mazava tokoa izy ireo. Noho izany, ho azonareo mazava kokoa izany ao.

15 Ankehitriny, ny olona rehetra dia latsa-pitia amin'i Kristy, antenaiko, izao hariva izao, ary ny olona rehetra tia Azy.

16 Ho teneniko aminareo hoe inona, matetika, inona no mampifanjevo ny olona, izany dia ny olona iray izay tonga nefa tsy nandre an'ilay ampahany voalohan'ny fotoana, hitanareo. Amin'izay fotoana izay dia tonga izy ireo ka mandre anareo manondro any aoriana, miverina any aoriana, zavatra iray, ary avy eo dia raisin'izy ireo izany, izay voalaza, nefa tsy ren'izy ireo ilay ampahany voalohany. Amin'izay fotoana izay dia mifanjevo tanteraka ilay izy amin'izy ireo, hitanareo, arak'izany. Ary mihevitra tokoa izy ireo fa nisy zavatra voalaza hafa, saingy Izany—saingy tsy izy Izany.

17 Noho izany raha manana fanontaniana iray ianareo izay tsy azonareo, dia soraty eo amin'ny silan-taratasy iray fotsiny izany. Apetraho eto izany, amin'ny fotoana rehetra eo anelanelan'ny ankehitriny sy ny Sabotsy hariva. Ary hiezaka aho, amin'ny Alahady maraina, ny . . . Raha manahiran-tsaina kely izany, hoy ianareo hoe, "Eny, manontany fotsiny aho hoe inona no dikan'*ity* eto ity. Tsy azoko ilay izy." Fantatrareo izay tiako lazaina. Noho izany dia hiezaka aho ny hamaly an'izany ho anareo, amin'ny Alahady maraina, raha sitraky ny Tompo.

18 Ankehitriny, izao hariva izao dia hamaky avy ao amin'ity Teny tranainy voatahy ity indray isika, ao amin'ny toko faha-6.

Ary manomboka amin'ny Tombokase Fahatelo isika izao hariva izao. Ary izany dia ny andininy faha-5, ny andininy faha-5 sy faha-6.

19 Ary rahampitso hariva dia hamarana an'ireo mpitaingina efatra isika; ny soavaly fotsy, sy ny soavaly mena, ny soavaly mainty, ary ny soavaly hatsatra.

20 Ary tiako ny hilaza an'izao. Hoe, isan'andro, na dia hatramin'ny aninkeo maraina aza, teo . . . Oh, izaho dia mifoha tena, tena aloha be ary mandeha mivavaka alohan'ny ifohazan'ireo zavatra, ary manohy mivavaka fotsiny mandritry ny andro. Fa aninkeo maraina, aloha be, dia tonga teo amin'izay nisy ahy ny Fanahy Masina. Ary mazava mihitsy tahaka ny zavatra rehetra, izaho—nahita an'ity Tombokase hafa nisokatra ankehitriny ity aho, marina tokoa. Ankehitriny—ankehitriny—ankehitriny, mandre ahy Izy, fantatro. Ary tena mankasitraka aho.

21 Ankehitriny, tsarovinareo fotsiny fa misy zavatra eo am-pitrangana. Izay, izaho—antenaiko fa takatrareo izany, hitanareo, misy . . . fa misy zavatra eo am-pitrangana. Tehitsapa fotsiny an'ity fiangonana ity indray mandeha aho, ka hahita raha afaka mandray zavatra marina tokoa izy ireo alohan'ny isehoan'izany tokoa. Tsarovy ankehitriny, tsarovy izay noteneniko taminareo. Ary, ankehitriny, hanampy antsika anie ny Tompo.

22 Ankehitriny dia ao amin'ny andininy faha-5.

> *Ary rehefa nosokafany ny tombokase fahatelo, dia reko ny zava-manan'aina fahatelo nanao hoe, Avia . . . jereo. Ary nijery aho, ka indro soavaly mainty iray; ary izay nitaingina azy dia nanana mizàna iray teny an-tànany.*
>
> *Ary nandre feo iray aho teo afovoan'ireo zava-manan'aina efatra* nanao hoe, *Venty ny vary tritika iray fatra, ary venty ny vary hordea intelon'ny fatra;* saingy *jereo fa aza manimba ny diloilo ianao sy . . . divay.*

23 Ankehitriny dia ndao isika hamerina an'ity kely fotsiny, ary eo amin'ireo Tombokase izay efa nandalovantsika. Satria, tahaka ny tao amin'ireo taom-piangonana mihitsy, nahoana, miezaka ny mamerina foto-kevitra iray isika, mba hampifampitaingina azy, hany ianareo ka ho afaka . . . Tahaka an'izany tokoa ireo taona ao anatin'ny Soratra, ny anankiray mitaingina eo amin'ilay iray hafa, tahaka an'izany mihitsy. Tahaka ny mihanika eo amin'ny tohatra iray, sy mihanika eo amin'ny zana-tohatra iray, raha ny marina; ny anankiray midina mankeo amin'ilay hafa, ary miverina any aoriana tahaka an'izany, raha miakatra eo amin'ny zana-tohatra iray ianareo.

24 Ary ankehitriny, ireto Tombokase ireto, ny . . . Izany dia—ny Bokin'ny Fanavotana, voaisy tombokase. Mahazo an'izany ve ny olona rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

Ary ity Boky ity dia voaisy tombokase amin'ny Tombokase Fito. Izany dia Boky iray voaisy tombokase fito. Hitanareo?

25 Ary tsarovy ankehitriny, raha nanao sary an'izany ho anareo isika, ka naka an'izany avy tao amin'i Jeremia sy ny rehetra. Ankehitriny, izy ireo, rehefa nanana izy ireo . . . Izy ireo dia nanoratra tahaka an'*izao*, teo amin'ny singan'ny—an'ny sora-tànana, na taratasy iray, raha ny marina; na, tsy taratasy, fa hoditra iray izany. [Manao kisarisary ny fanoronana sy fanisiana tombokase horonana iray Rahalahy Branham, amin'ny fampiasana ravin-taratasy—Mpand.] Ary nahoron'izy ireo izany, tahaka an'*izao*. Ankehitriny izany . . . Ary avy eo ny tendron'izany dia navela tahaka an'*izao*; izany no manondro hoe inona no ao. Avy eo ilay anankiray manaraka dia maka an'ilay karazan-toerana iray ihany, mihorona amin'ny fomba iray ihany, mihorona tahaka an'*izao*. Ary avy eo, eto amin'ny tendrony eto, dia mivaha tahaka an'*izao* izany, ary mamela anankiray hafa.

26 Eny, izany dia Boky voaisy tombokase fito. Ankehitriny dia tsy mbola nanana Boky tahaka an'*ity* mihitsy isika raha tsy taty aoriana. Ireo Boky tamin'ny andro fahiny dia horonana. Nihorona izy ireo. Ary raha nila lohahevitra izy ireo na zavatra tamin'izany . . . Ohatra raha—raha nihorona ny Baiboly, ka tehamaky ny Bokin'i Isaia ianareo; dia namadika eto amin'ny Isaia ianareo, avy eo dia mamaha Azy tahaka an'*izao*, ka mamaky Azy. Ary ity dia Bokin'ny Fanavotana voaisy tombokase fito.

27 Ary hitantsika ankehitriny fa mandroso ny Zanak'ondry, mandray ny Boky avy eny an-tànan'Ilay nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana, ka manokatra an'ireo Tombokase, ary—ary mamaha . . . ary mamaha an'Izany, mamaha an'ireo Tombokase ho an'ny olona.

28 Ary ireo Zava-manan'aina efatra izay mipetraka eo, izay noraisintsika tao amin'ireo taom-piangonana, ireo Zava-manan'aina efatra iray ihany, hitanareo izy rehetra ireo nanerana ny Soratra, ary izy ireo no Anankiray Izay manao ny filazana ny amin'ireo Tombokase izay novahana. Ankehitriny, ary hitantsika fa izany dia ny—ny Bokin'ny Fanavotana.

29 Avy eo dia niverina tany aoriana isika ka nahazo an'ilay—ilay Havana Mahavotra, ary nandinika Azy, mba hahita hoe inona no Asany. Ary ankehitriny nandritr'ireo taona rehetra ireo, dia Kristy no nanao ny asan'ilay Havana Mahavotra. Ankehitriny, ny rehetra izay mahazo an'izany, dia manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izy no nanao ny asan'ilay Havana Mahavotra.

30 Saingy ho avy ny fotoana izay hifaranan'ilay asam-panavotana. Ary rehefa mifarana ilay asam-panavotana, amin'izay fotoana izay dia miala eo amin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra Izy, izay Ipetrahany ankehitriny. Fa tsy Seza Fiandrianany izany. "Izay mandresy dia hipetraka

miaraka Amiko eo amin'Ny Seza fiandrianako, tahaka ny Nandreseko ka ipetrahako eo amin'Ny Seza fiandrianan'ny Raiko." Izany dia tsy Seza Fiandrianany. Izany dia an'ny Fanahy, Andriamanitra. Kristy, ilay Zanak'ondry, tsy Azy izany. Izy no Andriamanitra nitsofoka, hitanareo; izay Andriamanitra iray ihany, natao nitsofoka. Ankehitriny, dia mitsangana avy eo amin'ny seza Izy . . .

31 Voalohany, dia nivoaka ny filazana, hoe, "Iza no afaka ho tonga sy hi-. . . sy handray an'ity Bokin'ny Fanavotana ity?" Hitanareo, ho an'ny drafi-panavotana manontolo, hatrany amin'i Adama, izay rehetra verin'i Adama.

32 Tsy nisy na inona na inona very talohan'i Adama. Ary taorian'i Adama, dia very ny rehetra, teto an-tany. Ary ny zavatra rehetra teo amin'ny famoronana an'ny tany dia very. Ary ny zavatra rehetra dia lavo niaraka tamin'i Adama, niampita an'ilay hantsana, mba tsy ahafahan'ny olona hiverina, tsy misy fomba mihitsy. Ny olona, rehefa nanota izy, dia niala tamin'ny làlany, tsy namela fomba iray hiverenana ho an'ny tenany izy. Ary tamin'izay fotoana izay teo . . .

33 Rehefa napetraka io fanontaniana io; Jaona ilay mpanambara, fa . . . Jaona mpaminany, dia tao amin'ny fahitana ka nahita an'izany. Ary tsy nisy olona tany An-danitra, tsy nisy olona teto an-tany, tsy nisy olona tany ambanin'ny tany, na tsy nisy olona, izay mendrika akory aza hijery an'ilay Boky. Hitanareo? Eritrereto fotsiny izany ankehitriny! Avy eo dia mandroso ny Zanak'ondry, ka mandray an'ilay Boky Izy. Ankehitriny dia nangatahana i Jaona mba tsy hitomany intsony. Hoy izy hoe, "Indro, ny Lionan'i Joda no nandresy, ary—ary afaka mandray ny Boky Izy ka manokatra Azy." Noho izany, dia nitodika izy mba hitady Liona iray, ka nahita Zanak'ondry iray izy. Niantso ilay loholona, nanao hoe, "Liona iray no nandresy." Fa rehefa tonga izy ka nijery, dia Zanak'ondry iray no nivoaka avy teo amin'ny Seza fiandrianana.

34 Ankehitriny, tsy nahamarika an'Izany mihitsy izy tany aloha. Nahoana? Tany aoriana tany Izy, tao amin'ny Fanaovany ny Asam-panelanelanany; satria nivoa-drà ho an'ny olona Izy, nanelanelana ho an'ny olona, mandra-pahatongan'ilay fanahy farany, izay napetraka teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, hiditra. Hisy maro be amin'izy ireo mihitsy any, ary izay no izy. Izay ihany. Ireo hafa dia tsy te-hiditra akory aza; tsy manam-paniriana hiditra izy ireo. Ary noho izany, amin'izay fotoana izay, rehefa miditra ilay fanahy farany, amin'izay fotoana izay dia tapitra ny fotoan'ny fanavotana.

35 Avy eo dia mandroso ny Zanak'ondry mba hitaky ny Zòny ho an'izay Navotany, ary izany dia ny famoronana rehetra. Ny tany sy ny zavatra rehetra dia Azy. Hitanareo? Izy no nanavotra

an'izany tamin'Ny Ràny Manokana. Ary rehefa nandroso Izy mba handray an'ity Boky ity, mba hanokatra Azy, nahoana, oadray, izy ireo dia . . . Jaona dia tsy nitomany intsony. Ary nijery izy, ka ity Zanak'ondry ity dia Zanak'ondry iray voavono. Efa novonoina izany, saingy velona indray. Ary hitantsika ankehitriny fa ny zanak'ondry voavono iray dia zanak'ondry mandeha rà, mivoa-drà manerana ny rehetra. Efa novonoina Izany. Rehefa avy novonoina Izy, dia nitsangana indray Izy. Nipetraka teo amin'ny Seza fiandrianana Izy, atao hoe, tao ambadiky ny Seza fiandrianana, tahaka an'*izao*, nanelanelana ho an'ireo fanahy rehetra izay ho avy ireo. Avy eo rehefa teo ilay anankiray farany, ka feno izany, ny . . . Andriamanitra no mbola nihazona an'ilay Bokin'ny Fanavotana. Hitanareo? Ankehitriny dia manao fotsiny ny asan'ny Havana Izy ankehitriny.

36 Ohatra, nandeha tany i Boaza, ary i Rota dia nipetraka teo fotsiny niandry mandra-pahatongan'i Boaza . . . ny tiako lazaina dia, i Boaza no nanao ny fa- . . . havana, asam-panavotana. Tsaroanareo ve aho nitory an'izany, vao tsy ela akory izay? Rota, ilay fitsimponana; ary, Rota, na inona na inona nataony; sy ny sisa, ka ny zavatra farany dia, Rota, no niandry. Tsaroanareo ve ankehitriny hoe toy ny ahoana no nanaovako tandindona an'izany tao amin'ny Fiangonana? Raha mbola, lasa i Boaza nanao ny asam-panavotan'ilay havana. Nataony izany; nanala ny kirarony ary nanao fanambarana iray, ka nanavotra an'i Naomy, ary, tamin'ny alàlan'izany, no nahazoany—nahazoany an'i Rota. Ankehitriny, noho izany, dia niandry fotsiny i Rota, satria efa niasa mafy izy. Nanao an'ireo zavatra hafa rehetra ireo izy, saingy niandry izy ankehitriny. Ary noho izany rehefa . . . Miandry ilay Fiangonana, mitsahatra (maro amin'izy ireo, ny ankamaroan'izy ireo, ao anatin'ny vovoky ny tany), raha mbola manao ny asan'Ny Havany Mahavotra Izy.

37 Ankehitriny dia mbola lasa miha-ratsy foana izao tontolo izao. Ary mivangongo ny fahotana, sy—sy ny aretina, sy ny olana, sy ny fahafatesana, ary ny alahelo. Ireo lehilahy tsy manana an'Andriamanitra sy vehivavy tsy manana an'Andriamanitra dia maty mianjera mihitsy. Ny homamiadana no mihinana azy ireo, sy ny zavatra hafa rehetra, nefa tsy afaka maka finoana ampy akory izy ireo mba haninji-tànana ka hihazona an'izany.

38 Mariho ankehitriny. Fa avy eo rehefa tapitra izany rehetra izany, taorian'Ny fanel- . . . nahavitan'ny Fanelanelanany, dia mandroso Izy, mandray ny Boky avy eny an-tànan'Ilay. Ary tamin'izay fotoana izay i Jaona, sy ny zavatra rehetra tany An-danitra, ary nanomboka . . . Ireo fanahy teo ambanin'ny alitara dia nanomboka niantsoantso. Hanana an'izany isika ao amin'ny Tombokase Fahenina, indray. Ary toy ny ahoana no nifalian'izy ireo! Ary—ary niankohoka izy ireo, ireo loholona, ka nandraraka ny vavak'ireo olo-masina. Ary nihiakiaka ireo fanahy teo ambanin'ny alitara hoe, "Ianao no mendrika, satria

Ianao no nanavotra anay ho an'Andriamanitra! Ary hiverina eny amin'ny tany izahay, ho velona toy ny mpanjaka sy mpisorona." Oh, nisy malaza iray . . .

39 Dia hoy i Jaona hoe, "Ny olona rehetra tany An-danitra, ny zavatra rehetra tany ambanin'ny tany, ary ny zavatra rehetra," dia nandre azy nidera an'Andriamanitra ny amin'izany. Tsy maintsy nahita ny anarany Tao i Jaona, fantatrareo. Io fotoana rehetra io!

40 Avy eo dia hoy izy hoe, "Izy no mendrika handray ny Bokin'ny Fanavotana." Ankehitriny dia tsy an'ilay Mpitsara intsony izany. Izany dia an'ilay Mpanavotra, ary Izy no efa nahavita ny asan'ny fanavotana.

41 Ankehitriny dia haneho amin'ilay Fiangonana an'izay Nataony Izy. Amena. Hitanareo? Noho izany dia Alainy fotsiny . . . Fa mikatona ilay Boky. Tsy nisy anankiray nahafantatra, mihitsy. Fantatr'izy ireo fa Bokin'ny Fanavotana iray Izany, teo Izany, saingy tsy maintsy ho voambara Izany amin'ny andro farany. Araka ny Apokalypsy 10, dia ilay anjely fahafito no homena ny Hafatra ny amin'Izany. Satria, Izao no voalaza, hoe, "Amin'ny andro itsofan'ny taom-piangonana fahafito, ilay anjely fahafito, rehefa mitsoka izy, dia hifarana tanteraka ireo zava-miafin'Andriamanitra rehetra, amin'ny alàlan'ny fitsofany." Avy eo, rehefa voambara Izany, dia midina avy any An-danitra ilay Anjely, izay Kristy. Tsarovy ankehitriny, ity anjely ity dia eto an-tany, iraka iray.

42 Midina Kristy, mahita Azy ianareo ao amin'ny toko faha-10-n'ny Apokalypsy; mametraka tongotra iray eo ambonin'ny tany, ilay iray hafa eo ambonin'ny ranomasina; avana no eo ambonin'ny Lohany, maso tahaka . . . ary tongotra tahaka ny afo, sy ny sisa; manangana ny Tànany, ary mianiana amin'Izay velona mandrakizay sy mandrakizay, eo amin'ny Seza fiandrianana, fa, "Tsy hisy andro intsony." Ary rehefa manao an'io voady io Izy, dia mampandre ny feony ireo Kotrokorana Fito.

43 Ary ilay mpanoratra, izay, rehefa nakarina i Jaona, dia natao hanoratra an'izay hitany. Nanomboka nanoratra izy. Hoy Izy hoe, "Aza soratana Izany." Satria . . . "Aza soratana Izany." Izany dia tsy vo- . . . Hoy Izy hoe, "Asio tombokase Izany." Inona no ao anatiny? "Asio tombokase. Aza lazaina Izany." Hitanareo, tsy maintsy ho voambara Izany, saingy tsy voasoratra ao amin'ny Teny akory aza Izany.

44 Ary avy eo rehefa nanomboka nanokatra an'ireo Tombokase Izy, dia hitantsika, fa manahiran-tsaina izy rehetra. Hitanareo? Rehefa nanokatra ny Tombokase Voalohany Izy, dia nieritreritra izy hoe, "Ankehitriny ity no holazain'Izany hoe, 'Ary izao no hiseho fa *ranona-sy-ranona* no handray ny seza fiandrianana, ary *ranona* hanao an'*ity*, ary *ity* hanao an'*itsy*.'"

45 Saingy rehefa nisy ilay izy, dia indro nandeha izy, soavaly fotsy iray, mandeha, ary mpitaingina iray teo amboniny. Eny, "Nanana tsipìka iray izy teny an-tànany; ary nomena satroboninahitra iray izy, afaka kelikely," hoy izy. Izay ihany.

46 Ary niverina indray ilay Zanak'ondry, ka namaha Tombokase hafa iray, ka indro nivoaka ny mainty iray . . . mpitaingina soavaly mena iray. "Ary izy dia nanana ny . . . nomena sa—sabatra iray; ary handeha hanao ady izy; ary nomena hery lehibe, ka hanaisotra ny fiadanana eo amin'ny tany, ary mifamono." Izany dia karazan'ny . . . mbola zavatra mahagaga iray foana (sa tsy izany?), rehefa nanokatra an'Izany Izy.

47 Ary avy eo dia mitohy, ka nanao hoe, "Amin'ny andro mialohan'ireo Kotrokorana Fito ireo mihitsy, dia voambara ireo zava-miafina rehetra eto ireo."

48 Jereo ankehitriny. Avy eo dia hitantsika, araka ny efa nianarantsika, fa, nandritr'ireo taona, dia nanana mpanavao isika, fa tsy mpaminany. Mpanavao! Ary ny asa tsirairay dia mitondra ny—ny asany manokana.

49 Tahaka ny lehilahy iray fotsiny izay te—telefonista iray, tsy tena elektrisiana iray marina tokoa izy. Mety manao asa kely iray eo amin'izany izy. Ary tahaka ny, raha mpiasan'ny laharan-tariby ny lehilahy iray, eny, izy tokoa . . . Raha mpangady lavaka ho an'ny andry iray ny lehilahy iray, ka tsy mbola nanao asan'ny laharan-tariby mihitsy, dia tsaratsara kokoa ho azy ny tsy mikasika an'ilay laharan-tariby; saingy mety manao asa fanohizana kely izy na zavatra iray.

50 Fa rehefa tsy maintsy voambara ilay tena Zavatra amin'ny andro farany, an'ilay ampahany farany an'ny Fiangonana, dia amin'izany no nilazan'Andriamanitra fa handefa ho antsika Izy, araka ny Soratra. Ary efa nozahantsika hatrany sy hatrany izany, fa nilaza mialoha Izy fa hiverina ao anatin'ny olona iray ny Fanahin'i Elia. Ankehitriny, heveriko fa efa natao mazava mihitsy izany. Ary isika . . . Ary miandry an'izany hitranga isika; any ho any, olona iray voahosotra, amin'ny andro farany, mba hiseho. Ankehitriny dia handre fanatika betsaka sy zavatra hafa ianareo, saingy izany fotsiny—miezaka fotsiny mba . . . Ny devoly izany, miezaka manaisotra amin'ilay anankiray tena izy rehefa tonga eto izy, hitanareo. Saingy ho tena voatondro marina tokoa izy. Fantatrareo hoe inona i Elia; ary diniho izany, dia ianareo—hahafantatra ianareo. Ary noho izany rehefa izy . . . Ankehitriny, ilay Voafidy no hahafantatra.

51 Tsy ireo hafa; azo antoka fa tsy hahafantatra an'izany izy ireo. Ho diso an'Izany izy ireo, any amin'ny iray tapitrisa maily. Tahaka ny . . . Efa nandalovantsika izany rehetra izany, ka naneho hoe ahoana no nahadiso azy ireo an'i Jaona, ahoana no nahadiso azy ireo an'i Elia, ahoana no nahadiso azy ireo an'i Jesosy, ahoana no nahadiso azy ireo an'izy rehetra ireo

hatrany. Ary hanao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo, satria ny Baiboly no nilaza fa hanao izy ireo. Hitanareo? Koa noho izany, amin'io fotoana io, dia ho tena manetry tena Izany. Ho tena tsotra Izany. Izany dia . . . izany no hanao ny olona hanalavitra an'Izany. Tena tsotra loatra Izany ho azy ireo. Hitantsika, ary isan'andro, fa rehefa lasa manan-tsaina sy nianatra ny olona, ka mahafantatra ny rehetra, amin'izay fotoana izay izy ireo fotsiny . . . Izany fotsiny ilay karazana izay diso an'ilay izy, fantatrareo. Hitanareo?

52 Tsy naka an'ireo karazan'olona ireo mihitsy Jesosy mba (ho) Mpianany. Naka olona tsy nianatra Izy, mpanjono, ary tsy nisy olona izay nifandray tamin'ny fiangonany sy ny sisa. Naka lehilahy tsotra fotsiny Izy, mpamory hetra, sy tantsaha, sy mpanjono, sy ny sisa, mba hanao ny Asany. Hitanareo? Satria, izy ireo—izy ireo dia mahafantatra fa tsinontsinona izy ireo, amin'izay fotoana izay dia afaka manao zavatra avy amin'izy ireo Izy, hitanareo. Raha mbola nanohy hahafantatra foana izy ireo fa tsinontsinona, amin'izay fotoana izay dia afaka miasa Andriamanitra.

53 Fa rehefa manomboka mihevitra izy ireo fa mahafantatra zavatra, amin'izay fotoana izay, "Tsy mahafantatra na inona na inona izay tokony ho fantatrareo ianareo," hoy ny Baiboly. Ary noho izany, koa, isika—hitantsika izany.

54 Ary ankehitriny, dia mahita isika, arak'izany, fa natao ho voambara ireto zava-miafina ireto.

55 Ary nahoana ireto lehilahy ireto no tsy, Wesley, Luther, ary ireo mpanavao malaza ireo, izay nitondra ny fanamarinana, fanamasinana, ny taona Pentekotista niaraka tamin'ny batisan'ny Fanahy Masina sy ny sisa, nahoana izy ireo no tsy nahazo an'ireto—ireto Hafatra ireto? Nahoana izy ireo no tsy nahazo Azy ireo? Satria mpanavao izy ireo. Hitanareo?

56 Tahaka fotsiny ny, raiso eo amin'ilay ilany hafa izany, nisy olona tonga izay "nanana fahefana toa mpanjaka, saingy tsy mpanjaka." Hitanareo? Hitanareo? Mila mahamarika ny fitenin'ny Baiboly ho an'ny zavatra rehetra ianareo. Hitanareo? Diniho ankehitriny. Fa, ity, no anton'ireo navela nihantona rehetra ireo, an'ireo ampahany mahagaga mikasika ny fanamarinana, ilay ampahany mahagaga an'ny fanamasinana, ilay ampahany mahagaga an'ny batisan'ny Fanahy Masina. Ary, nahoana, karazana inona no . . . ? Nihinana paoma iray ve i Eva, sa nihinana ampongabendanitra izy, sa zavatra iray? Hitanareo? Efa . . . ? Inona ilay taranaky ny menarana? Ary—ary ny batisa amin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina," ve sa ny Anaran'ny "Tompo Jesosy," no marina? Ary, oh, an-jatony amin'ireo zavatra ireo, no navela hihantona. Hitanareo?

57 Ary noho izany amin'ilay ora farany, dia tsy maintsy tonga ity lehilahy ity ka hanambara an'ilay zavatra, hitanareo,

handray an'ireo Soratra. Ho voatondro tsara mihitsy izany. Jereo. Eny, tompoko. Ary, ankehitriny, izany dia tsy ho zavatra malaza, goavana ankehitriny. Izany dia tahaka ny, ato amin'ny Baiboly, izany dia ho zavatra goavana.

58 Goavana kokoa noho izany toy ny ahoana ilay izy, rehefa natao ho tonga i Jaona tany ka nanao batisa! Eritrereto fotsiny ankehitriny. Ireo mpaminany, tany aoriana, tany aoriana lavitra tany, Isaia, Malakia, ary izy rehetra ireo dia niresaka ny aminy, rehefa ho tonga izy. Ary rehefa tonga izy, olona manirery iray fotsiny, antitra, tsy nianatra, niaraka tamin'ny volombava nanerana ny tavany, ary ny volony nitsangana tahaka ny fanday iray, ary tapaka hoditr'ondry tranainy goavana iray no nandrakotra nanodidina azy; tsy nanana fianarana mihitsy, tsy nandeha tany an-tsekoly indray andro mihitsy teo amin'ny fiainany, araka ny fantatsika. Hitanareo? Indro tonga izy, nivoaka avy tany an-efitra, tsy mba nasaina akory teo amin'ny polipitra iray aza, ary nitsangana tany teo amin'ny reniranon'i Jordana ka nanomboka niantso ny olona hibebaka. Azonareo eritreretina ve!

59 Ny Baiboly no nilaza, fa, "Ny zavatra rehetra dia ho tena lehibe amin'izany andro izany, hany ka haetry ireo toerana avo rehetra, ary hasandratra ireo toerana iva rehetra." Eny tompoko. "Ary ny toerana saro-dàlana ho tonga lemaka."

60 Nahoana, azoko eritreretina ny nahita azy ireo tany, nihevitra fa hivoaka i Jaona, na ity mpialoha làlana malaza an'i Kristy ity, ka haka fotsiny an'ireo tany efitra rehetra ary hampalama azy, ary hametraka ahitra eo aminy indray. Hitanareo? Oh, izy ireo, heveriko fa nanomana tsara an'izany rehetra izany izy ireo, saiky mitovy amin'izay ataon'izy ireo amin'izao andro izao izany.

61 Saingy, tena manetry tena ilay izy, na dia ireo apostoly aza dia diso an'izany. Hoy izy ireo hoe, "Eny, nahoana ny Soratra no milaza, raha ny . . . Ianao ve dia hiakatra any mba hatolotra ankehitriny? Nahoana ny Soratra no milaza fa—fa tsy maintsy tonga aloha i Elias?"

62 Hoy Izy hoe, "Efa tonga sahady izy, fa ianareo no tsy nahafantatra an'izany. Ary, ny Zanak'olona, hanao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo. Fa, i Jaona," hoy Izy, "dia nanao mihitsy an'izay nasaina nataony. Ary izy ireo dia nanao taminy mihitsy an'izay nasaina nataon'izy ireo. Ary," nanao hoe, "toy izany koa no tsy maintsy hiaretan'ny Zanak'olona."

63 Nahoana, tsy nisy, heveriko, iray ampahatelon'ny taranaka Jiosy manontolo no mba nahafantatra fa teto an-tany Jesosy Kristy. Tsy . . . Mety efa nandre fanatika iray izy ireo teo tany ho any, saingy tsy niraharaha an'izany, nanohy fotsiny. "Tonga tamin'ny Azy Manokana Izy, fa ny Azy Manokana tsy nandray

Azy." Ankehitriny, eo no inoako mihitsy aza . . . Ankehitriny, tsy nilaza izany fa ho avy miafinafina Izy.

64 Fa ny Fampakarana dia ho tsiambaratelo iray. Noho izany raha tena tsiambaratelo izany, rehefa tonga Izy, dia tsy mihoatra lavitra noho izany ve no tsy hahafantarana ny Fampakarana! Hitanareo? Tsy ho fantatr'izy ireo izany. Hilaza avy hatrany izy ireo hoe, "Eny, nihevitra aho fa natao hanana Fampakarana iray isika. Nefa ity fitsarana rehetra ity no eto ambonin'ny tany?"

65 Hilaza Izy hoe, "Efa niseho izany, fa ianareo no tsy nahafantatra an'izany." Hitanareo? Ho toy izany ilay izy, tahaka ny mpangalatra amin'ny alina fotsiny.

66 Tahaka ny—ny boky iray izay novakiako, indray mandeha. Inona moa no iantsoana azy? *Romeo et Juliette*, izany ve ilay izy, sa zavatra iray? Navelany, nampakariny teo anilan'ilay trano ny tohatra, tamin'ny fomba iray. Hadin-. . . Efa ela be izany. Ary tonga, naka ny . . . mba hamoaka azy tamin'ny andro alina.

67 Ankehitriny, tahaka an'izany no—no hisehoany, ary ho lasa. Tsy hoe, handefa andian'Anjely iray hidina izy ireo, miaraka amin'ny angady sasantsasany, ka hangady an'ireo fasana. Hoy ny Baiboly hoe, "Hovaina isika, alohan'ny hahafahanareo manakimpy ny masonareo mihitsy aza." Indray mipi-maso fotsiny, dia ho tapitra ny rehetra, haingana tahaka an'izany.

Hilaza fotsiny hoe, "Nisy olona iray nanjavona."

68 Eny, hihevitra aho fa raha afaka hikaroka manerana an'izao tontolo izao isika, androany, dia nisy olona dimanjato no nanjavona niala tamin'ny tany isan'andro, hitanareo, tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany izy ireo. Niakatra fotsiny izy ireo, nanjavona.

Eny, tsy hisy betsaka no handeha ao amin'io Fampakarana io.

69 Ankehitriny, tsy te-hampitahotra anareo aho, ary izaho—ary izaho—izaho—izaho—tsy mihevitra aho fa tahaka an'izany ilay izy, fa te-hiteny aminareo an'izay Nolazainy fotsiny aho. Ary fantatrareo izany, ny tenanareo. "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, izay nisy fanahy valo novonjena tamin'ny rano. Fanahy valo avy amin'izao tontolo izao, no novonjena tamin'ny rano."

70 Eny, hoy ianareo hoe, "Oh, oadray! Tsy ilaina ny hiezahako." Izany no maneho fa tsy manana an'ilay karazana finoana izay ilainareo ianareo.

71 Raha hisy fotsiny—hisy anankiray fotsiny, dia ho izaho izany, amena, satria mino aho. Hitanareo? Tahaka an'izany no itiavanareo hino azy, hitanareo, "Ho izaho." Azo antoka. Te-hiaina tena akaiky Azy aho, mba ahafantarako fa haka ahy Izy rehefa tonga Izy. Mino an'izany aho. Marina izany. Noho izany raha misy . . . Raha diso an'izany ny olon-kafa rehetra, izaho dia ho any, nohon'ny Fahasoavany. Satria, Izy no nampanantena ahy

an'izany, ary fantatro fa izaho dia—izaho dia ho any, satria tsy afaka mandainga Izy. Ary fantatro fa ny fanahiko sy ny fiainako no manambara, ary miezaka aho ny miaina isan'andro fotsiny toy ny hoe ho avy Izy, noho izany aho dia—izaho dia—ho izaho io anankiray io. Tahaka an'izany no tianareo ho tsapa, "Raha hisy valo, dia ho isan'io valo io aho; hisy dimanjato, dia ho isan'io dimanjato io aho. Tsy fantatro ny amin'ilay olona hafa, fa te-ho isan'io dimanjato io aho." Hitanareo? Tahaka an'izany no tianareo ho tsarovana. Hitanareo?

72 Ary raha tsy tahaka an'izany no ahatsiarovanareo azy, dia misy zavatra tsy mety amin'ny finoanareo. Hitanareo? Tsy manana antoka ianareo fa efa voavonjy ianareo, raha izany. Nanombatombana an'izany fotsiny ianareo. Aza manao an'izany. Eny àry.

73 Tsy ho tonga eo amin'ity Tombokase ity isika, sa tsy izany? Eny àry. Tiako, isan-kariva . . . Tsy fantatro raha tsy mampaninona anareo ny fangalako ny fotoanareo. Afaka hivoaka alohaloha kely isika. Tsy misy betsaka . . .

74 Ao amin'ny fanambarana an'ireto, an'ireto Tombokase ireto, tsarovy, dia andininy anankiray fotsiny marina tokoa izany. Ny voalohany, dia miteny ny filazana azy, ny andininy faha-2. Ny ankamaroan'ny fitantarana rehetra, sy ny sisa, ny famakiana azy, na—na ny famakiana ny fisainan'izy ireo, ary izaho dia—ary nino foana aho saiky tahaka azy rehetra ireo, hoe io mpitaingina soavaly voalohany io dia ilay—dia ilay fiangonana voalohany. Saingy rehefa ny Fanahy Masina no nanambara azy, dia tena nifanohitra tamin'izany ilay izy. Ary noho izany, ny ataon'izany rehetra izany, dia maneho fotsiny an'izay maha-izy azy. Ary noho izany dia miezaka aho . . .

75 Ankehitriny, ho ahy, dia tena masina ity. Izany no antony hoe aleoko kokoa mamaly an'ireo fanontaniana ireo. Ary ndao ataontsika izany, ny olona rehetra dia hahafantatra mazava tsara, ary eo amin'ireo horonam-peo, ihany koa, fa hahazo izy ireo ankehitriny. Hitanareo? Niezaka niresaka vetivety aho, tamin'ny hariva, teo amin'ny foto-kevitra, mba hanao ny olona . . .

76 Ny mandeha haingana sy manosika, ary, tsy tokony hanao an'izany ianareo. Hitanareo? Fa, rehefa izany no tonga, dia izany no olombelona. Ary mafana ato—ato anatiny ato, ary ianareo—ary tsy tafandry mandry ianareo.

77 Fa ianareo dia efa tena, tena nahafinaritra. Ny tsara indrindra izay hany nahitako ny fihetsiky ny olona, tato amin'ny tabernakla, dia aninkeo maraina; ary nipetraka tsara, ary ireo reny nitondra ny zazakeliny nankao amin'ny trano fitaizana rehefa nanomboka nitomany izy ireo. Ary tena nahafinaritra ny zavatra rehetra.

78 Fa miezaka aho ny miverina amin'ilay foto-kevitra mandrapahatsapako fotsiny an'ilay hosotry ny Fanahy eo amiko, mba hilaza an'ireto Teny ireto, mba hilaza an'izay voambara tamiko. Ary noho izany raha izaho no, tany ho any, teo am-panaovana an'izany, raha nanao fahadisoana iray aho eto, dia azo antoka fa hanitsy an'izany ho ahy eto anatrehan'ny olona rehetra Izy. Izaho—ilaiko izany. Izany dia—izany dia . . . Tiako ho marina Izany. Tsy ilaina ny maka fotsiny an'izay eritreretinareo. Misy zavatra iray izay marina, ary—ary Izany no ilaintsika. Mila an'Andriamanitra hanome antsika an'izay marina isika.

79 Noho izany ankehitriny dia naka an'ity isika, ireto mpitaingina ireto, araka ny isehoan'izy ireo. Ny soavaly voalohany, ankehitriny, ary fantatsika fa izany dia ny—ny antikristy izay nandroso. Ary avy eo dia hitantsika, omaly hariva, fa ilay olona iray ihany izay nandroso amin'ny mahaantikristy, tahaka ny soavaly fotsy iray, hitantsika izy niaraka tamin'ny sabatra iray, omaly hariva, nitaingina, ary namono olona.

80 Ankehitriny, ankehitriny, dia misy foana ny ara-boajanahary sy ny ara-panahy. Ary nohon'ny amin'ny Fiangonana, dia tiako ny manao tandindona, mialoha mihitsy ny ahatongavantsika eo amin'ny fanokafana an'ity Tombokase ity.

81 Fa, izay Nomeny ahy, dia noraisiko naoty eto izany. Manana Soratra maro aho eto, pejy fito na valo amin'izany, ary arak'izay itodiako amin'izany.

82 Mariho, te-hanome tandindona iray aho, ny amin'ilay Fiangonana, ary hanao azy tena mazava mba tena hahitanareo azy mihitsy. Hitanareo?

83 Ankehitriny, nisy ampakarina ara-boajanahary iray tao amin'ny sahan'i Edena. Tsaroanareo ve izany omaly hariva? Io ampakarina ara-boajanahary io, izy no malalan'ny fon'i Adama, tsy mbola vadiny, satria tsy mbola nahalala azy amin'ny mahavady iray izy.

84 Tahaka an'i Maria izay vadin'i Josefa mihitsy, saingy tsy mbola nahalala azy mihitsy izy. "Hita fa nanan-janaka izy." Hitanareo?

85 Ankehitriny, talohan'ny nahalalan'i Adama ny vadiny, dia ampakarina iray fotsiny izy ho azy. Eny àry. Ary hitantsika fa Andriamanitra . . . Izy, lavo izy tao amin'ny sahan'i Edena satria diso tamin'ny fihazonana ny Tenin'Andriamanitra.

86 Ankehitriny, Fantany fa havotsotra ho eo anivon'izy ireo i Satana, noho izany Izy dia nanome azy ireo to—toerana iray hijanonana ao ambadika; nampahatanjaka azy ireo. Eny, eo, iza no afaka hahafantatra toerana iray tsaratsara kokoa hampahatanjaka, noho Andriamanitra, raha miezaka hikarakara an'ireo Zanany Manokana Izy?

87 Raha te-hikarakara an'i Joseph keliko aho, eny, rahalahy, ny zavatra rehetra . . . Ary fantatro fa miankina amin'izany ny fiainany, nahoana, izaho dia . . . ary afaka nanao an'izany aho. Eny, raha fangaron-tsimenitra efapolo dian-tongotra, namafisina, no—no ho zavatra hanao an'izany, izany dia . . . hataoko sivifolo dian-tongotra izany, mba hahazo antoka, an'izany.

88 Ary raha afaka mieritreritra an'izany mikasika ny zanako lahikely aho, (nefa, raha very ny ainy mety maty, izaho dia mino fa ho voavonjy ny ankizy iray,) tsy mihoatra noho izany ve, amin'Andriamanitra, ho an'ny Zanany izay ho very Mandrakizay! Inona no tokony Hapetrany aoriany? Nametraka Ny Teniny Manokana taoriany Izy. Raha mbola ao anatin'io Teny io foana ianareo, dia voaaro. "Raha mitoetra ao Amiko ianareo, ary Ny Teniko ao aminareo, amin'izay fotoana izay dia angataho fotsiny izay tianareo." Izany ilay izy, ny Teny.

89 Noho izany, nandeha nitsangatsangana tao amin'i saha i Eva, ka nihaona tamin'ny menarana, karazan'olona iray tena mamiratra. Ary izy . . . Ary nanomboka izy . . . Ankehitriny, teo amin'ilay ilany hafa izy. Andriamanitra dia miaina, mitoetra, miasa ao anatin'ny fanetre-tena, tsy nisy fomba hafa iray mihitsy. Hitanareo? Ankehitriny, ilay ramatoa kely, manetry tena dia nitsangatsangana teo, ary tonga i Satana tamin'ny maha-karazan'olona hendry, fetsy, mamiratra iray. Ary te-hivarotra an'ilay fandaharana taminy izy. Raha mbola . . .

90 Tsy mampaninona na impiry i Satana no eo amin'ny manodidina; raha mbola nijanona tao ambadik'ity Teny ity foana izy, dia nety tsara izy. [Mikapokapoka ny Baiboliny Rahalahy Branham—Mpand.] Hitanareo? Noho izany, avelao i Satana hanao an'izay tiany hatao; mijanòna fotsiny amin'ny Teny ianareo. Tsy manao fahasamihafana kely iray izany.

Raha hoy izy hoe, "Nahoana, marary ianao."

"Tamin'ny Dian-kapony no nahasitrana ahy."

"Eny, ho faty ianao."

"Izy no hanangana ahy indray. Izy no nampanantena an'izany."

91 Hitanareo, mijanòna fotsiny ao ambadiky ny Teny. Izay ihany. Mitoetra ao amin'ny Teny Kristy, Izy tenany. "Voasoratra hoe." Hitanareo? Ankehitriny, mijanòna ao ambadiky ny Teny.

92 Fa, Eva, nanomboka namotsotra kely izy, saingy tsy namotsotra azy rehetra mihitsy. Fehezan-teny anankiray fotsiny ihany no navotsony. Ary izany no tian'i Satana nataony. Namoaka azy avy tao ambadiky ny teny fikasan'Andriamanitra izy, tamin'ny fandanjalanjana.

Aza manandrana mandanjalanja ny Tenin'Andriamanitra mihitsy. Inoy fotsiny Izany! Hitanareo?

93 Noho izany, dia nivoaka avy Tao izy. Ary talohan'ny hany nankanesan'i Adama teo aminy, mba ho vady iray, dia efa voaloton'i Satana izy. Ary izy . . .

94 Ary efa voamarikareo ve? Nanao an'ilay zavatra iray ihany Kristy, marina tokoa. Ankehitriny, mba hanavotra, dia tsy maintsy Andriamanitra aloha no teo voalohany. Efa voamarikareo ve? Maria, talohan'ny nankanesany teo amin'i Josefa, dia ny Fanahy Masina no tonga teo. Amena. Hitanareo? Eo no ahatongavan'ilay Mpanavotra.

95 Ankehitriny, mariho ankehitriny, lavo ilay vehivavy araboajanahary, ka nanao fomba iray mba hanavotana azy Andriamanitra. Na dia lavo aza izy, dia nanao fomba iray Izy.

96 Ankehitriny, izany no ampakarina voalohany teto an-tany, lavo, talohan'ny nivadiany tamin'ny vadiny. Lavo izy, nohon'ny—nohon'ny anton'ny—ny fandanjalanjana, raha tokony nijanona tamin'ny Teny. Lavo izy. Ary lavo tao amin'ny fahafatesana izy, fisarahana Mandrakizay. Niaraka taminy, nentiny ny vadiny sy ny zavatra hafa rehetra izay nisy teto an-tany. Lavo izy!

97 Ankehitriny, saingy, Andriamanitra, feno famindrampo, dia nanao fomba iray hanavotana an'io vehivavy io. Ary ankehitriny dia nampanantena azy Izy, niteny taminy fa indray andro any, amin'ny ho avy, dia ho tonga eo aminy indray ny Teny marina. Hampahafantarina azy ny Teny marina. Tsarovy izany ankehitriny. Satria, nampanantena an'i Kristy Izy, tamin'ny alàlan'ny vehivavy.

98 Ary Kristy no Teny. Masindahy Jaona 1, "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny dia tonga nofo," hitanareo, "ka nonina teo anivontsika." Nonina teo anivontsika tao amin'ny nofo Andriamanitra. Izy no Teny.

99 Talohan'ny Teny iray, dia fisainana iray izany. Ary ny fisainana iray dia tsy maintsy noforonina. Eny àry. Noho izany, ireo fisainan'Andriamanitra dia lasa famoronana rehefa voateny izany, tamin'ny alàlan'ny Teny iray. Izany dia rehefa Izy no maneho an'izany amin'ny—aminareo amin'ny maha-fisainana iray, ny Fisainany, ary voambara aminareo izany. Amin'izay fotoana izay, dia mbola fisainana iray foana izany mandrapiteni*nareo* azy. Izany no antony . . .

100 Nandeha nivavaka i Mosesy. Nanodidina azy io Andry Afo io, ka hoy Izy hoe, "Mandehana, atodiho mankany atsinanana ny tsora-kazonao, ka lazao, miantsoa 'lalitra.'"

101 Tsy nisy lalitra teo. Saingy nandeha izy ary nihazona an'ilay tsora-kazo teo, ka nanao hoe, "Aoka hisy lalitra." Tsy nisy lalitra mihitsy, tsy mbola. Nanohy niverina. Saingy ireo teny, ny fisainan'Andriamanitra, dia efa voateny. Teny iray izany, ankehitriny dia tsy maintsy hitranga izany.

102 Tsy hitanareo ve ankehitriny izay nilazan'i Jesosy? "Raha milaza amin'io tendrombohitra io ianareo; tsy hoe raha Izaho no milaza azy. Fa *ianareo* no milaza amin'io tendrombohitra io hoe, 'Mifindrà.'"

103 Ary ny zavatra voalohany, heveriko, tamin'ny andron'i Mosesy, dia lalitra maitso antitra goavana no nanomboka nimonomonona. Ary, afaka kelikely, dia dimy livatra isaky ny yard izy ireo. Hitanareo? Avy taiza izy ireo? Izy... Andriamanitra no namorona azy ireo. Tsy hitanareo ve hoe ahoana...

104 Afaka mandrava an'ity izao tontolo izao ity Andriamanitra izao hariva izao, amin'ny—amin'ny lalitra kely, raha Tiany. Eny, afaka mampivangongo lalitra kely hatreny amin'ny volana mihitsy Izy. Ny zavatra tokana Azony atao dia ny milaza fotsiny hoe, "Aoka hisy lalitra kely, hatreny amin'ny volana." Ho izay ihany no hisy amin'izany. Tsy misy simika na inona na inona, hanohy hitombo fotsiny izy ireo, hitombo, hitombo hatrany. Hitanareo?

105 Afaka manao an'izay Tiany atao Izy. Andriamanitra Izy, ilay Mpamorona. Ny zavatra tokana hatao dia ny miteny an'ilay izy fotsiny. [Manapoapoaka ny rantsan-tànany indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Marina izany. Izy no Mpamorona. Ankehitriny, raha afaka mahalala fotsiny isika hoe lehibe toy ny ahoana Izy! Hitanareo? Manao an'izay Tiany fotsiny Izy.

106 Mipetraka any ambony any Izy ary mijery ny olona, sy ireto mpanabe kely ireto, miha-manan-tsaina, ary, "Tsy misy Andriamanitra," sy—sy ny zavatra rehetra. Hah! Nahoana, izany dia tahaka azy ireo tany Babela mihitsy, indray. Babela, raha ny marina.

107 Ankehitriny dia mahamarika isika fa niteny tamin'i Eva Andriamanitra, hoe, "Taorian'ny fotoana ela, dia hiverina aminao ny Teny." Ankehitriny, toy ny ahoana no nahalavoany? Tiako ny kilasiko hilaza an'izany. Avy taiza no nahalavoany? Avy taiza no nahalavoan'i Eva? Ny Teny. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Ny Teny."—Mpand.] Ny Teny. Ary nilaza Andriamanitra fa hanao fomba iray hanavotra azy hiverina amin'ny Teny indray Izy. Eny àry. Taorian'ny fotoana ela, dia hampahafantarina azy ny Teny. Eny àry. Tonga ho an'ny tanjona anankiray ny Teny ankehitriny. Hazòny mafy ankehitriny, izay lazaiko. Tonga aminy ho an'ny tanjona anankiray ny Teny, ho an'ny fanavotana izany. Eny àry.

108 Fa, mandra—mandra-pahatongan'izany, dia nanana mpisolo iray izy izay—izay hety mandra-pahatongan'ny fotoana ho an'ilay Teny tany am-boalohany. Ankehitriny ianareo—mahazo mazava tsara ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo? Niteny taminy Izy fa ho tonga eo aminy indray ny Teny, saingy, mandra-pahatongan'io fotoana io,

dia nanome azy mpisolo iray Izy mandra-pahatongan'io fotoana io. Noho izany, dia nanome azy fanatitra iray hatao Izy, mpisolo iray an'io Rà io.

109 Ankehitriny, ilay rà dia an'ny ombilahy sy ondry, sy osilahy sy ny sisa, saingy tsy nanaisotra ny fahotany izany. Hitanareo? Nanarona ny fahotany fotsiny izany. Izany dia tsy nanaisotra an'ilay izy, mihitsy. Nanarona an'izany ilay izy. Satria, ràm-biby iray izany, ary ao amin'ny ràm-biby dia misy ny aim-biby. Mpisolo iray izany mandra-pahatongan'ilay tena . . . Ankehitriny dia anaovy ny palitaonareo.

110 Ilay Rà tena izy, an'olombelona, amin'ny maha-tokony ho olombelona, dia lasa nitsofoka (Andriamanitra); tsy nisy fananahana, virijiny, ny fahaterahana ara-virijiny no namokatra an'izany. Ankehitriny ny Tenin'Andriamanitra, ny teny fikasana, dia lasa Rà, ary nitsofoka tao amin'i Jesosy Kristy Olona ilay Mpamonjy. "Ny ràn'ombilahy sy osilahy, sy ny sisa . . . "

111 Fa andraso ankehitriny. Eto Andriamanitra dia nanao ny teny fikasana, nilaza fa ho eo ilay izy rehefa tonga Izany, "Ny Taranany no hanorotoro ny lohan'ny menarana." Ankehitriny, raha tonga fotsiny tahaka ny avy tamin'i Adama ny taranany, na tahaka ny avy tamin'ny menarana, sy ny sisa, amin'izay fotoana izay dia mbola ho taranaka mpanota foana izany.

112 Izany no antony nitomanian'i Jaona. Tsy nisy olona, satria tsy nisy olona . . .Teny am-pita ny olona rehetra, ilay ilany hafa an'ilay lavaka, ilay hantsana. Fa ho avy ny fotoana iray izay hahafoana an'io ràm-biby mpisolo io, rehefa ilay tena Rà, nitsofoka no tonga: Andriamanitra, tonga nofo sy Rà. Ny Baiboly no nilaza fa izany Izy. Timoty Voalohany 3:16, "Iaraha-manaiky mihitsy fa lehibe ny zava-miafina ny amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra: satria Andriamanitra dia voaseho tao amin'ny nofo." Marina izany. Ny fahaterahana ara-virijiny no nanao an'io.

113 Ankehitriny, ny ràn'ondry sy osilahy dia nandrakotra ny fahotana, fa tsy afaka nanala azy, satria ràm-biby iray izany. Fa tsy maintsy ho nety tsara izany, tsy maintsy ho mpisolo iray izany.

114 Ary azo antoka fa izy ireo dia efa—efa zatra nampiasa an'io mpisolo io, ka noho izany dia manohy fotsiny izy ireo.

115 Ary, rehefa, ilay tena Teny, nampanantenaina no tonga voaseho tao amin'i Jesosy Kristy, Izay nanaporofo ho ny Zanak'ilay Mpamorona lehibe, Andriamanitra; ary voamarina, ny Tenany, ho ilay Tenin'Andriamanitra velona. Fioo! Oadray! Noporofoiny fa izany Izy. Afaka niteny an'ireo zavatra ho amin'ny fisiana Izy.

116 Tsy misy olombelona iray, na—na inona na inona eto amin'izao tontolo izao, afaka nanao an'izany. Tsy misy zavatra iray eto an-tany afaka mamorona, afa-tsy Andriamanitra.

Tsy afaka mamorona ny devoly. Mpamadika an'izay efa noforonina izy, saingy tsy afaka mamorona. Ny fahotana dia ny fahamarinana navadika fotsiny ihany. Fantatrareo izay tiako lazaina. Inona ny lainga iray? Izany dia ny fahamarinana diso fanolotra. Hitanareo? Inona ny fijangajangana iray? Ilay hetsika marina ara-dalàna navadika. Ny zavatra rehetra ao amin'ny fahotana, ny fahotana dia ny Fahamarinana navadika fotsiny. Ankehitriny, tsy afaka mamorona izy.

117 Fa rehefa tonga Kristy, dia nanaporofo fa Izy no Mpamorona. Izany ilay Rà izay efa nampanantenaina. Ankehitriny raha tianareo ny hamaky an'izany, ianareo . . . Ndao isika hamadika mandritry ny iray minitra fotsiny. Haka ny fotoana eo amin'ity isika, na ahoana na ahoana, izao hariva izao. Izaho . . .

118 Manao ahy hikorontan-tsaina izany. Heveriko fa te-handeha hody ny olona rehetra, fantatrareo. Ary noho izany ilay izy dia . . . [Hoy ny fiangonana hoe, "Tsia."—Mpand.] Ankehitriny dia ndao alaintsika ny Asa 2. Misaotra anareo. Ary isika fotsiny dia . . .

119 Asa 2, dia ho hitantsika raha marina izany, na tsia, raha voaporofo Izy fa Izy no Andriamanitra. Eny àry. Raiso ny Asa 2. Ankehitriny dia ndao isika haka eto amin'ny andininy faha-22, Petera no miteny, tamin'ny Andron'ny Pentekosta.

> *Ianareo ry lehilahin'ny Isiraely, henoy ireto teny ireto; Jesosy avy any Nazareta, lehilahy nasehon'Andriamanitra teo anivonareo tamin'ny alàlan'ny fahagagana . . . zava-mahagaga sy* famantarana, *izay nampanaovin'Andriamanitra azy teo afovoanareo, araka* ny *tena- . . . ih- . . . ny fantatry ny tena*nareo *ihany koa:*

120 "Lehilahy iray izay naseho, fa izany no Andriamanitra eo anivonareo." Tamin'ny alàlan'ireo tena zavatra izay Nataony, no nanaporofo fa Izy izany. Indro i Petera, nitsangana teo amin'ny Synedriona, niteny tamin'izy ireo.

121 Nahafantatra an'izany koa i Nikodemosy. Hoy izy hoe, "Raby, izahay rehetra dia mahafantatra fa Mpampianatra iray avy amin'Andriamanitra Ianao, satria tsy misy olona afaka manao an'ireo zavatra ireo raha tsy avy amin'Andriamanitra Izy." Hitanareo? Fantatr'izy ireo izany. Saingy nahoana?

122 Diniho ankehitriny. Ankehitriny, i Eva no nampanantenaina an'ity. Saingy rehefa . . . Tonga teo io ampakarina io, ary nandà, rehefa tonga teo aminy ilay tena Teny. Noho izany, nandà ny hahafantatra ilay vehivavy; ilay ampakarina Hebreo. Satria, izy no ampakarina an'—an'Andriamanitra; Noroahiny izy, tamin'ny fisaoram-bady. Marina ve izany? Izy no ampakarin'Andriamanitra.

123 Hoy ianareo hoe, "Eny, tsy mbola nivady akory aza izy ireo." Marina izany. Fa Josefa dia nandroaka an'i Maria talohan'ny . . .

Saika nandroaka an'i Maria talohan'ny nivadian'izy ireo. Hitanareo? Nofofoiny izy.

124 Ary rehefa tonga Izy, ary ny Teny izay Nampanantenainy, dia tonga ho an'ny mariazy, dia Hitany izy nirakotra tao anatin'ireo mpisolony, mafy mihitsy, ka tsy te-handray an'ilay tena teny fikasana izay efa natao izy, ny Teny, Kristy.

125 Angamba tsy azonareo izany. Ankehitriny dia mamelà ahy hiverina eo amin'izany indray. Tiako ho azonareo ity, hitanareo.

126 Nampanantenaina izy, (ilay ampakarina, Eva), fa hisy Mpanavotra iray. Ny Mpanavotra azy dia ho ny Teny. Ary rehefa tonga ny Teny, tonga nofo, dia nolaviny Izany. Nomena mpisolo izy. Ankehitriny hazòny izany, "mpisolo." Nomena mpisolo mba hanohy, mandra-pahatongan'ilay Mpanavotra. Ary rehefa tonga ilay Mpanavotra, dia te-hanohy niaraka tamin'ny mpisolony izy, ka nandà an'ilay Teny marina. Hitanareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary izany dia ilay ampakarina Hebreo.

127 Toy izany koa no Nataony, tamin'ny alàlan'ilay Eva faharoa, ampakarina, ilay renin'ny velona ara-panahy rehetra. Hitanareo? *Eva* dia midika hoe "ny renin'ny rehetra," izay ara-pana-. . . "ny rehetra izay velona." *Eva,* "renin'ny rehetra izay velona."

128 Ankehitriny, ary rehefa tonga teo amin'ilay ampakarina Hebreo Izy, dia izy no renin'ny rehetra izay velona, saingy nolaviny Izany.

129 Lavo i Eva ara-boajanahary, tao Edena, tamin'ny fihainoana ny fandanjalanjan'i Satana nanohitra ny Tenin'Andriamanitra. Tahaka an'izany no nahalavo azy. Eny àry, tompoko. Lavo izy satria nanao an'izany.

130 Eva ara-panahy, ankehitriny, izany hoe ny fiangonana, ampakarin'i Kristy. Lavo izy, tsy tao Edena, fa tany Roma, hitanareo, tao amin'ny Fivoriamben'i Nise, rehefa nandà izy, ilay fiangonana Pentekotista, izay nandeha tany Nise, ka nihaino ny fandanjalanjan'ny Romana, raha tokony ho nihazona teo amin'ny Teny, lavo izy. Ary ny zavatra rehetra avy taminy, dia maty niaraka taminy, nanodidina azy. Ankehitriny, tahaka ny nahalavo an'i Eva ara-boajanahary mihitsy, no nahalavo an'i Eva ara-panahy. Ilay ampakarin'Andriamanitra dia lavo—lavo tao amin'ny saha; ny Ampakarin'i Kristy dia lavo tany Roma. Hitanareo?

131 Mariho, tamin'ilay fandanjalanjana iray ihany, nanohitra ny Tenin'Andriamanitra, no nanariany ny zòn'ny fahadiovany, tamin'i Satana. Fa, hitantsika ao amin'ny famahana an'ireto Tombokase ireto, fa i Satana izany, ary mbola i Satana foana no any. Ny Baiboly no nilaza fa izany no tena sezan'i Satana. Ary tahaka ny nanarian'i Eva ny—ny zòn'ny fahadiovany, ka natolony an'i Satana izy ireo, tao amin'ny sahan'i Edena; ny

fiangonana, ilay ampakarin'i Kristy, dia nanao an'ilay zavatra iray ihany tany Roma, rehefa nanary ny Baiboly ho an'ireo dogmany sy fandanjalanjany izy ireo. Hitanareo ve hoe toy ny ahoana no anaovan'izany tandindona? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

132 Araho fotsiny ireo tandindona ireo, dia tena ho tafavoaka tsara ianareo. Raha ny tànako no mitovy . . . Raha tsy mbola nahita ny tenako mihitsy aho, ka mahita ny aloko tonga, dia ho fantatro fotsiny hoe saiky toy ny ahoana aho. Hitanareo? Fa, izany ilay fanao. Raha te-hahita an'izay ho avy ianareo, dia jereo izay efa nisy. "Fa ny . . . ireo zavatra taloha rehetra dia aloky ny zavatra ho avy," hoy ny Baiboly. Eny àry.

133 Fa, nariany ny Teniny madio, ny Tenin'Andriamanitra, rehefa nivarotra ny Baiboly izy, ka nametraka lehilahy iray tany izay milaza fa manana zò hanova ny zavatra rehetra izay tiany hovaina ny fiangonana. Ary nataon'izy ireo izany. Ary ilay ampakarin'i Kristy, ilay ampakarina pentekotista, dia nivarotra ny fahadiovany, tany Nise, tahaka ny nivarotan'i Eva ny fahadiovany tamin'i Satana mihitsy tao amin'ny sahan'i Edena. Marina tokoa. Eny àry.

134 Nampanantena Andriamanitra; io fiangonana io, io fiangonana pentekotista io, izay nahafantatra fa hataony izany; tahaka ny Nataony tamin'i Eva, dia nampanantena Andriamanitra.

135 Ilay fiangonana pentekotista, mino ve ianareo fa nivarotra ny fizokiany izy, talohan'ny . . . ny fahadiovany, rehefa nijanona tany izy? Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izy, azo antoka, nivarotra izy. Noho izany dia inona ny soa amin'ny fanekem-pinoana iray, tsy mifototra eo amin'ity Baiboly ity? Mila olona iray aho hahita an'izay nantsoina hoe ny Fanekem-pinoan'ireo Apostoly, na dia teny anankiray fotsiny an'izany aza ao amin'ny Baiboly. Fanekem-pinoana Katolika iray izany, fa tsy fanekem-pinoan'ireo apostoly.

136 Vakio ny Asa 2:38, izany no Fanekem-pinoan'ireo apostoly, raha nanana anankiray izy . . . ? . . . Ankehitriny, izany foana no nampiasain'izy ireo, na ahoana na ahoana. Noho izany ianareo raha . . . Hitanareo?

137 Noho izany, dia nivarotra ny fizokiany izy ireo. Tsy izany ihany, ireo Metodista, Batista, Presbyterana, Pentekotista, ny sisa amin'izy ireo, dia nanao tahaka an'izany ihany. Nanao anaram-piangonana iray izy. Roma, no nampanao azy an'izany, nanao anaram-piangonana iray izy ary nametraka lehilahy iray teo amin'ny lohan'izany. Ary ireo Metodista, Batista, Pentekotista sy ny tsirairay avy, dia nanao an'ilay zavatra iray ihany, nametraka vondron-dehilahy teo amin'ny lohan'izany. Tsy mampaninona izay lazain'Andriamanitra, izy ireo . . . Tsy

maintsy ataonareo arak'izay lazain'izy ireo hanaovana azy ilay izy.

138 Eny, inona izany? Tsy misy afa-tsy fijangajangana ara-panahy mihitsy izany, ilay karazana vehivavy ratsy; eny, tompoko, ireo fanekem-pinoana, ireo fanekem-pinoana mandainga, nataon'olona. Noho izany izy dia lasa, rehefa nanao an'izany izy . . . Ho porofoiko io ankehitriny. Lasa janga iray izy, amin'Andriamanitra. Mino ve ianareo fa milaza an'izany ny Baiboly? Eny, tompoko. Nanao tahaka an'izany ihany ireo zananivavy.

139 Ankehitriny ao amin'ny Apokalypsy 17, raha tianareo ny handray naoty an'izany. Nentina tao amin'ny Fanahy i Jaona, "Ary nahita janga lehibe nipetraka teo ambonin'ny . . . " Ary namaky an'izany isika omaly hariva. Ary nisy havoana fito teo, sy izay nataony marina tokoa. Ary natolony an'izao tontolo izao ny fahalotoam-pijangajangany. Marina ve izany? "Ary nijangajanga taminy ireo mpanjakan'ny tany rehetra," fitaka, sy halatra, sy lainga, sy mandoa vola ho an'ny fibebahana, sy—sy neuvaines, ary ny zavatra hafa rehetra.

140 Eny, tsarovy ankehitriny, fa nanana zanakavavy izy. Eny, raha lasa vatana iray izy, ary eo ambanin'ny rafitra ara-rafim-pandaminana iray, amin'izay fotoana izay dia diso ilay rafitra manontolo. Ary raha i Eva, tsy nankatò an'Andriamanitra, nanipy ny zavatra rehetra tao amin'ny fahafatesana, izay teo ambaniny; ary ny fiangonana tsirairay izay mandrafitra, dia manipy ny zavatra rehetra ho amin'ny fahafatesana, eo ambanin'izany. Marina tokoa. Vita ilay zavatra manontolo. Araka ny Teny eto marina tokoa izany. Vakio ny Apokalypsy 17. Ary ny Baiboly no nilaza fa Izy dia "handoro azy amin'ny afo, ary ny zanany rehetra miaraka aminy." Marina izany. Izany dia midika, fa hodorana ny rafitra ara-pandaminana tsirairay, miaraka amin'ilay janga.

141 Ankehitriny, tena mahitsy izany, ary izaho—fantatro fa handre ny amin'izany ianareo, ary izaho—tiako ny handre ny amin'izany. Ary izaho—izaho . . . Marina izany, na izany aza. Ny Baiboly no niteny an'izany, koa izany no manao azy ho marina.

142 Izy dia lasa "janga." Afaka mamaky an'izany ianareo ao amin'ny Apokalypsy, ny toko faha-17. Izy, inona no nataony? Nijangajanga izy, nanohitra ny Vadiny manokana. "Eny," hoy ianareo, "tsia, ny Baiboly izany." Ny Teny dia Andriamanitra. Ary raha manaisotra zavatra anankiray ianareo . . .

143 Ho tianareo ve ny vadinareo hanoroka lehilahy hafa iray? Raha tsy nanao ankoatran'izany intsony izy, dia tsy ho tianareo izy hanao an'izany. Hanaporofo ny tsi-fahatokiany izy.

144 "Na iza na iza hanaisotra Teny anankiray amin'Izany, na hanampy anankiray amin'Izany." Haleloia! Tian'i Kristy ho madio miaraka amin'ny Teny Ny Vadiny. [Mandondòna in-efatra

ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Tahaka an'izany no tsy maintsy maha-izy Azy.

145 Satria, tsy misy na inona na inona, tsy tendron-tsoratra anankiray, na bitika kely iray, na zavatra iray, na zana-tsoratra, hiendaka amin'io lalàna io, na amin'io Boky io, raha tsy tanteraka Izany rehetra izany. Hoy Jesosy hoe, "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho levona mihitsy."

146 Aza mametraka fandikana manokana eo amin'Izany mihitsy. Izy dia mila madio iray, tsy mifangaro, tsy misy fisakaizana iray akory aza. Tsy ho tiako ny vadiko hisakaiza amin'ny lehilahy hafa iray. Ary rehefa mandeha mihaino karazana fandanjalanjana ianareo, ankoatran'Ity, dia mihaino ianareo, misakaiza amin'i Satana ianareo. Amena! Tsy manao anareo hahatsapa ho mpivavaka ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tian'Andriamanitra hijanona tsy mifangaro ianareo. Mijanòna tsara amin'ity Teny ity. Mijanòna tsara amin'Izany. Eny àry.

147 Nampanantena azy Andriamanitra, tahaka ny Nataony tamin'i Eva tao amin'i sahan'i Edena, tamin'ity Eva farany eto ity. Fa, ny fiangonana pentekotista, ilay fiandohan'ny fiangonana, ilay fiangonana izy tenany, no renin'ny olona velona rehetra, satria, raha mbola miditra ao foana izy ireo. Fa, hitanareo, rehefa mandray an'ireo fahotany izy ireo, dia maty miaraka aminy.

148 Indro tonga ny lehilahy kely iray. Hoy izy hoe, "Izaho—te-hanompo an'Andriamanitra aho."

149 Hoy izy ireo hoe, "Eny, ity no hataonao. Mandehana eo ka mibebaha."

"Eny àry, hataoko izany. Voninahitra ho an'Andriamanitra!" Mandeha eo izy, mibebaka.

150 "Ankehitriny dia avia mikambana aminay." Eo, eo ianareo izao. Ah-hah. Hitanareo? Izay ilay izy. Hah! Marina izany, maty avy hatrany miaraka amin'izany. Hitanareo? Hitanareo? Izany fotsiny dia . . . Izany no ampianarin'ity Boky ity, hitanareo, fa tsy izay lazaiko. Satria, Izy no milaza Eto, arak'izany. Eny àry.

151 Ankehitriny, Andriamanitra no nampanantena azy, tahaka ny Nataony tamin'i Eva. Niteny tamin'i Eva Izy fa ho avy ny fotoana iray izay ny—hiverenan'ny Teny indray eo aminy. Tsaroanareo ve izany ankehitriny? Izay veriny, dia haverina indray izany. Satria, Zavatra anankiray ihany no azo averina, ary izany dia ny Teny. Marina tokoa.

152 Nilaza aho hoe, mitifira basy iray; raha tsy mahavoa an'ilay fikendry ianareo, dia jereo hoe taiza no nampivily azy. Tsy maintsy miverina eo ianareo ary manomboka indray. Hitanareo?

153 Ary raha miverina ianareo, dia miverena hatrany Nise. Eo no anombohanareo indray, hitanareo. Miverena, lavitra an'ireo

rafi-pandaminana ireo, lavitra an'io fiangonana rehetra io. Ary efa hitantsika tanteraka tokoa ireto Tombokase ireto.

154 Nanontany foana aho, teo amin'ny fiainako rehetra, hoe nahoana aho no tena manohitra an'ireo rafitra ara-rafi-pandaminana. Tsy ireo olona, tsia. Ireo olona dia tahaka ahy sy ianareo mihitsy, na olon-kafa rehetra. Fa io rafitra io, io rafitra ara-anaram-piangonana io, ankehitriny dia hitako eto mihitsy izany. Tsy nahafantatra an'izany mihitsy aho raha tsy ankehitriny. Ary marina izany.

155 Andriamanitra dia nampanantena an'ilay Eva ara-panahy, tahaka ny Nataony tamin'ilay Eva ara-boajanahary, fa haverina aminy indray ny Teny. Amin'ny andro farany dia hamerina amin'ilay Fiangonana Izy, ho amin'ny Teny tany am-boalohany indray.

156 Diniho tsara mihitsy ankehitriny. Izaho—tiako hahazo antoka ianareo ankehitriny. Andriamanitra dia nampanantena an'i Eva, fa ho avy ilay fotoana izay hamerenana ny Teny amin'ny alàlan'ny Taranany. Ity Teny ity, Izy tenany, dia ho lasa Taranaka. Ary rehefa nomen'izy ireo mpisolo iray izy, dia nihazona an'io mpisolo io. Ary rehefa tonga teo aminy ny Teny, dia inona no nataony? "Tsy mila an'izany aho." Tena nanetry tena loatra Izany. Toa tsy tsara, ho azy. Tsy tena mamiratra. "Fihinanam-bilona iray ve? Oh, oadray! Oadray! Zalahy iray tahaka an'io ve, tsy nisy andro iray tany an-tsekoly? Eny, tsy afaka hanaiky an'izany aho. Tsy ny Mesia io. Zalahy iray mamela an'ireo zalahy handaka azy manodidina tahaka an'io ve, nefa avy eo dia miantso an'izany hoe 'Mesia'? Mamela azy ireo hametraka vorodamba iray manodidina ny tavany ve, avy eo dia mikapoka azy eo amin'ny loha? Ary izy ve no niantso ny tenany hoe Mpaminany iray, tena Mpaminany iray, natsangana?"

157 Marina tokoa, tsy nahafantatra an'ireo mpaminany izy ireo. Jesosy no niteny an'izany. Hoy Izy hoe, "Raha nahafantatra an'ireo mpaminany ianareo, dia ho nahafantatra Ahy." Marina izany.

158 Mariho ankehitriny. Fa rehefa tonga teo aminy ny Teny, tamin'ny fomba, tamin'ny fomba marina tokoa izay nolazain'Andriamanitra fa Hahatongavany; dia efa nahazo an-tsaina an'Izany tamin'ny fomba hafa iray izy. Miresaka ny amin'ilay ampakarina aho, ilay ampakarina Jiosy, ilay ampakarina Hebreo. I Eva izany, eo am-panombohana. Noho izany rehefa tonga teo Izany, dia tsy nilainy Izany. Te-hijanona niaraka tamin'ireo mpisolony izy.

159 Ankehitriny, Andriamanitra dia nampanantena an'i Eva ara-panahy, tamin'ny Pentekosta, niteny an'izany talohan'ny nitrangany mihitsy aza, efajato taona talohan'ny hany nahalavoan'ilay fiangonana, fa ho lavo izy ireo, ary hanao

an'izay nataony. Saingy, nampanantena Izy, fa amin'ny andro farany dia handefa ny Teny indray Izy.

160 Niresaka an'ilay zavatra iray ihany Jesosy fony Izy teto an-tany; Izy dia handefa an'Izany indray. Ary inona no . . . Inona no ho hitan'Izany? Hahita an'ilay zavatra iray ihany izay efa Hitany fony Izy tonga voalohany Izy. Marina. Izy ireo dia nanana . . . Izy ireo, mila an'ireo mpisolony izy ireo. Mila ny anaram-piangonany izy ireo. Mila an'ireo fanekempinoany izy ireo. Mila miaina fotsiny amin'ny fomba izay tiany iainana izy ireo. Ary izy ireo dia mila, "Eny, izaho no *Ranona-sy-ranona*. Izaho dia mikambana amin'ny *Izao-sy-izao*." Tsy manao fahasamihafana izay ataon'Andriamanitra, na impiry Izy no maneho ny Tenany; afaka manangana ny maty Izy; afaka miteny an'ireo tsiambaratelon'ny fo Izy; afaka manao ny zavatra rehetra izay nolazain'ny Baiboly fa Hataony Izy. Tsy manao fahasamihafana izany na kely aza. "Raha tsy mifandray amin'ny rafi-pandaminako izany, dia tsy misy dikany Izany." Hitanareo?

161 Ilay zavatra iray ihany izay nataon'ilay ampakarina Hebreo, marina izany, hitanareo, nihaino ny mpisolony izy ireo. Nefa Andriamanitra dia nampanantena azy ireo an'ilay tena izy. Ary rehefa tonga ilay tena izy, dia tsy nilain'izy ireo Izany. Tena nanetry tena loatra Izany.

162 Ankehitriny dia izany ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao, rehefa—rehefa tonga teo amin'ny sehatra Izany. Ankehitriny, Andriamanitra no nilaza, ao amin'ny Malakia 4, fa handefa ny Hafatra Izy amin'ny andro farany, izay hamerina. Hoy i Joela hoe, "Haveriko ireo taona rehetra." Ny zavatra rehetra izay nohanin'i Roma, sy ny zavatra rehetra izay nohanin'ireo Metodista, ary ny zavatra rehetra izay nohanin'ireo Batista, avy tamin'ilay sampana pentekotista tany am-boalohany, dia hoy Andriamanitra hoe, "Haveriko amin'ny andro farany." Marina izany.

163 Ary afaka mandefa ho antsika an'izany olona iray izany Izy izay ho . . . Ny zavatra tokana izay hany azon'Andriamanitra nandefasana Ny Teniny dia mpaminany iray, fa tsy mpanavao; tamin'ny mpaminany. Tsy mbola ora ho an'izany ilay izy. Ankehitriny dia izao no . . . tokony ho ilay ora, ary izany no antony iandrasantsika an'izany ho tonga. Izany dia ho tena manetry tena sy malemy fanahy! Ary noho izany . . . Oh, oadray!

164 Mihevitra ve ianareo fa ireo Metodista aristokraty, Batista, sy Presbyterana, Pentekotista ireo, dia mba handray an'izany?

"Oh," hoy ianareo, "Pentekotista?"

165 Ireo Pentekotista dia ireo Laodikiana. "Manan-karena, ary tsy mila na inona na inona."

166 Izao no voalaza hoe, "Tsy fantatrao fa ianao dia mahantra." Mety manorina tranobe an-tapitrisany dolara, saingy mbola mahantra foana ianareo, mahantra ara-panahy.

"Oh," hoy ianareo, "hitako daholo Izany."

"Jamba ianareo!"

"Eny," hoy ianareo, "isaorana Andriamanitra, mirakotra aho."

"Mitanjaka!"

"Eny, azoko antoka ireo zazalahinay. Manana seminera izahay. Izahay . . . "

167 "Nefa tsy mahafantatra an'izany." Ankehitriny dia mifamadika fotsiny izany. Ankehitriny, raha ny Baiboly no nilaza fa ho ao amin'io toerana io ilay Fiangonana Laodikiana . . .

168 Ary tsy misy olona eto an-tany afaka handà fa tsy ity no taona farany, satria, ny Taonan'ny Fiangonana Laodikiana, na, ny taom-piangonana fahafito. Ary, eto isika izao, eo am-pamaranana azy ilay roa arivo taona faharoa. Tsy misy taom-piangonana intsony. Izany no antony tsy nahafahanareo rahalahy ao amin'ny Fara-Orana nanomboka rafi-pandaminana hafa iray. Tsy hisy intsony. Marina izany. Eo amin'ny farany izany. Amena. Tsy mety hisy taom-piangonana intsony. Tapitra ny rehetra.

169 Fa amin'izay fotoana izay raha ny hafatra pentekotista no hafatra farany . . . Fa, ny fanamarinana, ny fanamasinana, ny batisan'ny Fanahy Masina, ireo hafatra telo farany, ireo taom-piangonana telo farany no manao an'ilay Fahaterahana feno.

170 Tahaka ny vehivavy iray fotsiny izay hanana, hahazo ny zazakeliny; ny zavatra voalohany indrindra izay mitranga dia rano, ny zavatra manaraka dia rà, ny zavatra manaraka dia aina.

171 Rehefa namono an'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana izy ireo, dia nivoaka avy tao amin'ny Vatany ny vaingan-javatra, mba hanao ny vaovao . . . mba hanao ny—ny Fahaterahana. Notsindronin'izy ireo ny Lanivohony, nivoaka ny Rà sy ny rano, ary, "Eo an-Tànanao no Apetrako Ny Fanahiko." Ny nivoaka avy teo amin'ny Vatany dia rano, Rà, Fanahy.

172 Ankehitriny, Jaona Voalohany 5:7 no miteny aminareo mikasika an'izany hoe, "Misy telo izay manambara any Andanitra, ny Ray, ny Teny (izay Kristy,) ary ny Fanahy Masina." Ary ireo telo ireo dia mifanaraka ao amin'ny iray; tsy iray izy ireo, fa mifanaraka ao amin'ny iray. Ary misy telo izay manambara . . . Na, "Iray izy ireo," no tiako lazaina. Nanao fahadisoana aho teo. "Ary ireo telo izay manambara eto an-tany, dia ny rano, Rà, ary Fanahy, ary mifanaraka ao amin'ny iray izy ireo."

173 Afaka ny ho amasinina ianareo nefa tsy nohamarinina. Ary afaka ny ho amarinina ianareo nefa tsy nohamasinina. Afaka ny ho amasinina ianareo nefa tsy mandray ny Fanahy Masina. Marina tokoa izany.

174 Ireo mpianatra, ao amin'ny Jaona 17:17, dia nohamasinina ary nomena fahefana handroaka devoly, saingy mbola tsy nanana ny Fanahy Masina foana. Hitanareo? Azo antoka. Tsy maintsy nandeha hatrany amin'ny Pentekosta, ary niandry mandra-pahatongan'ny Fanahy Masina.

175 Teo no nampisehoan'i Jodasy ny lokony. Hitanareo ve hoe ahoana no nanaovan'io fanahy io ny làlany tamin'ny alàlan'ny fanamarinana, fanamasinana? Fa rehefa tonga teo amin'ny farany ilay izy, dia nasehony ny lokony. Hitanareo? Marina izany.

176 Mariho ankehitriny, ankehitriny, ary eto isika izao eo amin'ny andro farany. Ary Eva ara-panahy, satria fotsiny ara-. . . satria Eva Hebreo no nampanantenaina, ilay ampakarina Hebreo no nampanantenaina fa hiverina ny Teny. Ary ilay ampakarina ara-panahy avy tamin'ny Pentekosta, rehefa lavo izy tao Nise, avy eo dia nampanantenaina izy amin'ny andro farany fa ho tonga indray ny Teny. Ankehitriny hoy ianareo, noho izany . . .

177 Raha mila Soratra iray hafa ianareo, dia raiso eto, Apokalypsy 10. Ary voalaza hoe, "Amin'ny ora, ny andron'ny—ny anjely farany, ny anjely fahafito (iraka fahafito) izay manomboka mitsoka, dia mifarana ny zava-miafin'Andriamanitra." Hitanareo? Ny famerenena indray mankany amin'ny Teny! Ny Baiboly no nilaza fa ity iraky ny andro farany ity dia, "Hamerina azy ireo mankany amin'ilay Finoana tany am-boalohany indray, miverina mankany amin'ny Finoan'ireo ray." Fa mihevitra ve ianareo fa handray an'Izany izy ireo? Tsia, tompoko. "Ireo andro farany, dia hamerina an'ilay Teny tany am-boalohany indray Izy," araka ny Nolazainy ao amin'ny Malakia 4.

178 Fa efa nanary izy. Ankehitriny, efa nanary an'io Teny io tany Nise izy. Eva dia nanary tao Edena; Eva dia nandà ny azy teo Kalvary. Ary ny vondron'i Nise dia mandà an'Izany amin'ny andro farany, mitovy mihitsy. Oadray!

179 Fa rehefa tonga tao amin'ny nofon'olombelona ny Teny, izy, Eva, ilay fiangonana Hebreo, renin'ny velona ara-panahy rehetra tamin'izany, dia nolaviny Izany. Tena maty izy, tao amin'ireo fombafombany sy dogmany, ka diso an'Izany izy. Toy izany koa ity anankiray ity, marina tokoa. Eny àry.

180 Diso Azy izy ireo, ilay Teny velona voaseho tao amin'ny nofo, tamin'ny alàlan'ny Teny izay nampanantenaina. Ny Teny no nampanantena fa hanao an'ireo zavatra ireo. Natao ny teny fikasana, fa ho tahaka an'izany ilay izy amin'ny andro farany. "Tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona." Diniho ankehitriny izay nitranga tany Sodona. "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona." Hitanareo?

Diniho izay nitranga tamin'izany. Hitanareo? Ankehitriny, Izy no nilaza fa ho ilay zavatra iray ihany izany, ary miaina ao amin'izany andro izany isika. Eny, ary mety hisy, heveriko, fa afaka mahita teny fikasana eninjato amin'izy ireo tahaka an'izany aho, avy ao amin'ny Soratra, manondro eo amin'izany mihitsy. Hitanareo? Ankehitriny, saingy, nolavin'izy ireo Izany.

181 Nifikitra teo amin'ireo fombafomba sy mpisolo izy, raha tokony ho ny—ny . . . Nifikitra teo amin'ilay rà mpisolo izy, raha tokony ho ilay tena Rà. Jesosy, ny Teny, no nilaza, rehefa voaseho taminy Izany hoe, "Satria nifikitra teo amin'ireo fombafomba ireo izy . . . " Jesosy, ilay Teny voaseho, no nilaza tamin'ilay ampakarina, ampakarina Hebreo hoe, "Satria mifikitra eo amin'ireo fombafombanao ianao, dia manao ny Tenin'Andriamanitra ho tsy misy fiantraikany aminao. Tsy afaka hisy fiantraikany Izany."

182 Ankehitriny dia izany no antony amin'izao andro izao, hoe, ireo—ireo fifohazana izay natao hananantsika, dia fifohazana ara-anaram-piangonana no ananantsika. Tsy nanana an'ilay tena hetsika isika. Tsia, tsia, tsia. Tsia, tompoko. Aza mihevitra fa manana fifohazana isika. Tsy manana isika. Oh, manana mambram-piangonana an-tapitrisany sy an-tapitrisany ary an-tapitrisany izy ireo, saingy tsy misy fifohazana iray na aiza na aiza. Tsia. Tsia.

183 Ny—ny Ampakarina dia tsy mbola nanana fifohazana iray. Hitanareo? Tsy mbola nisy fifohazana teo, tsy mbola nisy fanehoan'Andriamanitra mba hanetsika ny Ampakarina. Hitanareo? Miandry an'izany isika ankehitriny. Izany dia hila an'ireo Kotrokorana fito tsy fantatra any ireo, hamoha Azy indray, hitanareo. Hia. Izy no handefa an'izany. Izy no nampanantena an'izany. Diniho ankehitriny.

184 Ankehitriny, izy dia—maty izy. Ary ankehitriny raha hanadino an'ireo fanekem-pinoany ireo fiangonana, ary hanadino an'ireo dogmany, ka haka fotsiny ny Baiboly, hitaky ny teny fikasana, amin'izay fotoana izay vao ho lasa misy fiantraikany amin'izy ireo izany. Saingy, hitanareo, hoy Jesosy hoe, "Ianareo, miaraka amin'ny fombafombanareo, dia manao ny Tenin'Andriamanitra ho tsy misy fiantraikany aminareo." Eny, izany ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao miaraka amin'i Eva ara-panahy, hitanareo, ilay ampakarina ara-panahy an'izao andro izao, mody antsoina hoe, ny fiangonana. Raisiny ny Tenin'Andriamanitra, nefa tsy hanaiky an'Izany izy. Ary manaiky an'ireo dogma izy, eo amin'ny toerany. Noho izany, dia tsy misy fiantraikany aminy ny Teny, hitanareo, satria miezaka izy ny manatsofoka ny fanekem-pinoany amin'ny Teny, fa tsy hety izany. Ankehitriny, ny ilaintsika amin'izao andro izao . . .

185 Manohy mamaky an'ity eto ity fotsiny aho, *Herald of His Coming*, manerana an'ilay lohateny, "Mila mpaminany iray

hiverina isika! Mila mpaminany iray hiverina isika!" Ary heveriko, rehefa tena miverina izy, dia tsy hahafantatra na inona na inona mikasika an'izany izy ireo. Izao fotsiny . . . Marina izany. Efa tahaka an'izany foana ilay izy, hitanareo. "Mila an'izany isika," ny zavatra rehetra izay resahanareo dia, "mila mpaminany iray hiverina isika, izay hitondra ny Tenin'ny Tompo, tsy amin-tahotra. Mino isika fa ny Baiboly no nampanantena an'izany."

186 Ankehitriny, fantatro Rahalahy—Rahalahy Moore sy izy ireo, nihinana tany an-tranony aho, sy ny zavatra hafa rehetra, ilay mpanoratra. Ary izy no lehilahy mahafinaritra indrindra izay—izay mandeha amin'ny kiraro hoditra, heveriko, iray amin'ireo lehilahy mahafinaritra indrindra. Saingy, hitanareo, fantany fa tokony hahazo an'izany izahay. Ary Ranabavy Moore, iray amin'ireo vehivavy mahafinaritra indrindra, kely . . . vehivavy mahantra kely, ary mahafoy izy ireo.

187 Ary izany no iray amin'ireo gazety tsara indrindra eo amin'ny saha, araka ny hevitro, dia ny *The Herald of His Coming*. Fa hitanareo, manohy manapoaka izy ireo hoe, "Mila mpaminany iray isika! Mila mpaminany iray isika!" Hitanareo? Oadray! Izany no resahan'izy ireo.

188 Ary avy eo dia eto isika izao, androany, ary tahaka ny omaly sy androany, milaza ao amin'ny radio, fa . . . ary ireo fiangonana Batista sy ny sisa, hoe, "Tsy tokony hiaraka amin'ireo Katolika isika, saingy hiombona kely amin'izy ireo." Hitanareo?

189 Nefa eto mihitsy, ny Hafatra dia mivoaka eto mihitsy, mba, "Mijanòna lavitra an'io zavatra poizina io!" Hitanareo? Hitanareo? "Ahoana no ahafahan'ny anankiroa hiara-mandeha raha tsy mifanaraka izy ireo?" Tsy afaka miara-miombona ny Hazavana sy ny aizina. Rehefa miditra ny Hazavana, dia mivoaka ny aizina. Hitanareo? Izany dia tsy afaka . . . Ilay mahery indrindra! Tsy afaka mandroaka ny Hazavana ianareo, amin'ny aizina. Fa afaka mandroaka ny aizina ianareo, amin'ny Hazavana. Marina izany. Ary Izy no Hazavana, ary Izy no Teny. Hitanareo? Ankehitriny, eo ianareo izao, miverina avy hatrany indray. Tsy afaka manao an'Izany handainga ianareo na hanao zavatra diso. Izany dia miverina avy hatrany indray eo amin'ilay toerana. Eny, tompoko.

190 Tahaka ny zalahy iray manomboka fotsiny, miezaka mifamaly aminareo; raha fantatrareo izay ijoroana, fantatrareo izay inoany.

191 Izany dia tahaka ny maka bitro iray fotsiny ka mandefa azy ao anatin'ny fefim-biby iray, ka tampenanareo ny lavaka rehetra. Mitsangàna fotsiny eo amin'ilay vavahady; tsy maintsy hiverina izy. Izany ihany ny amin'io. Nofefenareo izy. Hitanareo? Tsy maintsy hiverina avy hatrany eo amin'ilay vavahady indray izy, satria izany ihany no fomba tokana ahafahany hivoaka.

Hametaka ny lohany *eto* izy, ary saiky hanapaka ny tendany; ary handeha *etsy*, ho *etsy*. Mitsangàna fotsiny dia diniho izy, fa hiverina avy hatrany izy. Hitanareo? Izay ihany.

192 Izany ihany no fomba tokana hatao. Mijanòna miaraka amin'ity Teny ity. Afaka manapoaka manerana ny rehetra ianareo, miaraka amin'ireo fanekem-pinoanareo, manapaka ny tendanareo hatraiza hatraiza fotsiny, saingy tsy maintsy miverina avy hatrany amin'ity Teny ity ianareo. Hitanareo? Eny, tompoko. Izay ihany ny amin'Izany.

193 Ankehitriny, hitanareo, izy ireo—izy ireo—izy ireo—tsy mila an'Izany izy ireo. Tsy mila ny Tenin'Andriamanitra izy ireo. Satria nifikitra tamin'ireo fombafombany izy, nanakana ny Tenin'Andriamanitra ho tsy nisy fiantraikany izy.

194 Mitovy ankehitriny, eo amin'i Eva ara-panahy. Izy dia tsy nila. . . Mila mihazona an'ireo fombafombany izy, ary manalavitra ny Tenin'Andriamanitra. Mifikitra indray eo amin'ireo anaram-piangonany izy, sy ireo fanekem-pinoany ary ireo fombafomban'ireo loholony, raha tokony handray ny Tenin'Andriamanitra.

195 Ary rehefa ny teny fikasan'ny Teny, amin'ny andro farany, no entina eo aminy, dia tsy handray an'Izany izy, satria, miaraka amin'ireo fombafombany, tahaka ny nataon'ilay ampakarina Hebreo. Ilay tena Teny, na dia voaseho aza, voaporofo, nohamarinina, dia tsy hila an'Izany izy. Nahoana izy no tsy hila? Satria io ilay tandindony. Tsy afaka manao an'izany izy. Marina izany. Tsy afaka mandresy ny tandindony izy. Hitanareo? Ary voalaza mialoha fa hanao an'izany izy, noho izany dia ahoana no hanakananareo ny zavatra rehetra?

196 Ankehitriny ny zavatra tokana hatao dia ny mifaly fotsiny fa ao anatiny ianareo. Izay ihany. Miandry an'izany. Eny àry.

197 Andriamanitra no nampanantena, amin'ny andro farany, fa Izy dia haneho sy hanamarina Ny Teniny aminy, nefa mbola tsy hanao an'izany izy. Io rehetra io, dia nampanantenain'Andriamanitra azy, tamin'ny alàlan'ireo Mpanompony, ireo mpaminany. Andriamanitra no nampanantena, tamin'ny alàlan'i Jesosy Kristy. Andriamanitra no nampanantena, tamin'ny alàlan'i Joela. Andriamanitra no nampanantena, tamin'ny alàlan'i Paoly. Andriamanitra no nampanantena, tamin'ny alàlan'i Malakia. Jaona. . . Andriamanitra no nampanantena, tamin'ny alàlan'i Jaona ilay mpanambara, ireo mpaminany rehetra ireo, hoe ho inona marina tokoa ilay Hafatra farany ho azy. Ankehitriny, raha tianareo ny handray naoty azy ireo; mazava ho azy, fantatrareo rehetra izy ireo: Jesosy, Jaona 14:12; ary Joela, Joela 2:38; Paoly, Timoty Faharoa 3; Malakia, toko faha-4; ary Jaona ilay mpanambara, Apokalypsy 10, fito ambin'ny folo, iray hatramin'ny fito ambin'ny folo. Hitanareo, izany marina tokoa

no hiseho ankehitriny! Ary, ho an'ilay fiangonana, dia inona Izany? Ilay Teny nitsofoka tonga nofo teo anivon'ny Olony indray! Hitanareo? Nefa tsy mino an'Izany fotsiny izy ireo.

198 Fantatrareo ve izay nolazain'i Jesosy rehefa Hitany fa Izy . . . rehefa nanao an'ireo fahagagana ireo teo anatrehan'izy ireo Izy, ka nanaporofo fa Izy no Andriamanitra? Nanaporofo an'izany, izay Nataony. Izany Izy. Nanao marina tokoa Izy. Izy—Izy no nilaza tamin'izy ireo, hoy Izy hoe, "Oh, ianao, ry Kapernaomy, izay misandratra hatrany an-danitra, raha ireo asa izay efa . . . raha natao tao Sodoma ireo asa mahery, izay natao teo aminao, dia ho naharitra izy androany." Marina izany. Nefa tao Kapernaomy, dia tsy nanao afa-tsy nanasitrana olona vitsy fotsiny Izy, sy niteny tamin'izy ireo ny tsiambaratelon'ny fony, dia lasa. Ah-hah. Izay ihany. Hitanareo?

199 Tsy fantatr'izy ireo hoe inona ireo asa mahery. Mihevitra izy ireo fa izany dia tokony ho fandaharana goavana be iray izay itsanganan'ny olona rehetra, ka manao kabary ny mpitsara iray, sy—sy mitendry ireo mpitendry, ka manidina ireo loko, ary ireo—ary ireo vehivavy mitafy tsara, sy ireo . . . ary mitaredretra, sy ny Ph.D rehetra, ny LL.D, ary ireo satroka goavana, lava, sy ireo vozon'akanjo mivadika, sy ny zavatra rehetra, tsy maintsy miditra izy rehetra. "Izany no zavatra lehibe iray."

Hoy Andriamanitra hoe, "Izany no fahadalana."

200 Ary manangana zavatra kely iray Izy izay tsy mahafantatra hoe inona no fahasamihafana eo amin'ny ABD-ny angamba, saiky, nefa manao zavatra iray izay manao an'ilay tena Fiangonana hirehitra mihitsy. Ary hoy ny sisa amin'izy ireo hoe, "Andiana holy-rollers iray." Andriamanitra dia miantso an'*Izany* hoe "lehibe," ary izao tontolo izao miantso an'Izany hoe "fahadalana." Izao tontolo izao miantso an'*izany* hoe "lehibe," ary Andriamanitra dia miantso an'izany hoe "fahadalana." Hitanareo, mifamadika fotsiny. Hitanareo? Ary ilay zavatra izay nampanantenain'Andriamanitra, dia hataon'Andriamanitra ary efa nataony. Hitanareo? Eto isika izao.

201 Ankehitriny, dia mbola, mijanona tahaka ny nijanonany izy, ilay Eva Hebreo. Tsy hanao an'izany fotsiny izy. Afaka manangana ny maty ianareo; afaka mahita ny Fanahin'Andriamanitra ianareo. Tonga Jesosy, nanamarina ny Tenany ho ny Zanak'Andriamanitra. Voalohany, nanomboka nitory teny Izy. Eny, nieritreritra izy ireo hoe, "Eny, karazana Lehilahy iray toa mahatsikaiky. Iza Izy, na ahoana na ahoana?" Eny, ny zavatra voalohany fantatrareo, nanomboka nilaza ny olona . . .

202 Mazava ho azy, nilaza izy ireo, tany aloha, rehefa tonga ny Mpialoha làlany, Jaona, dia hoy izy ireo hoe, "Ianao ve no Mesia?"

203 Hoy izy hoe, "Tsia. Saingy mitsangana eo anivonareo any ho any Izy." Ah-hah. Hitanareo? Nahoana? Fantany, rehefa hiseho ny hafany, hoe inona no tsy maintsy nataony. Fantany izay tsy maintsy hataony.

204 Tahaka an'i Noa mihitsy izay nanohy nandinika an'i Enoka. Rehefa lasa i Enoka, dia hoy i Noa hoe, "Tsaratsara kokoa ny manakaiky an'ilay sambofiara. Antomotra ilay fotoana." Nanohy nandinika an'i Enoka i Noa. Hitanareo?

205 Ary Jaona dia niandry an'ilay famantarana izay notenenin'i Jesosy taminy, na notenenin'Andriamanitra taminy, mba hodinihina. Hoy izy hoe, "Mitsangana eto mihitsy Izy ankehitriny, eo anivonareo any ho any. Tsy fantatro Izy, saingy ho fantatro Izy."

206 Nitsangana teo, hoy izy ireo hoe, "Tsy ianao ve no Mesia?" Hoy izy ireo, "Nirahina avy tany amin'ny foibe izahay." Ah-hah. Hoy izy ireo, "Ireo loholona, sy ny rehetra, no naniraka anay eto. Raha ianao no Mesia, nahoana ianao no tsy tonga ka mampahafantatra ny tenanao any, fa tsy eto amin'ity andiana karazan-javatra eto ity! Tokony tonga any ianao ary mampahafantatra ny tenanao."

207 Hoy izy hoe, "Tsy izaho no Mesia." Hoy izy hoe, "Izaho no feon'ny anankiray izay miantso any an-efitra."

208 Nandalo lavitra teo ambonin'ny lohan'izy ireo arak'izay azony nandehanana izany. Tsy nahafantatra na inona na inona nikasika an'izany izy ireo, hitanareo, kanefa dia niandry azy ho tonga izy rehetra. "Fa tsy mety ho zalahy iray tahaka an'io izany. Oh, oadray, hahatsiravina izany!"

"Avy tamin'ny sekoly inona ianao?"

"Tsy misy."

"Manana ny kara-piombonanao ve ianao?"

"Inona izany?" Hitanareo?

209 Voahosotr'Andriamanitra izy. Hoy izy hoe, "Zavatra anankiray ihany no ananako. Mipetraka eo amin'ny fototry ny hazo ny famaky." Ankehitriny, izay ihany no—izay ihany no nananany. Niresaka tamin'ny fitenin'ny lehilahin'ny ala iray izy, fa tsy tamin'ny fitenin'ny mpitondra fivavahana iray; vipera, sy famaky, ary hazo, sy ny sisa. Izy—tsy niresaka tamin'ny fiteny ara-pivavahana izy.

210 Nefa Jesosy dia nilaza fa tsy nisy mpaminany iray tahaka azy mihitsy. "Tsy nisy olona iray natera-behivavy mihitsy, tahaka azy, hatramin'ny androny." Marina izany. "Mihoatra noho ny mpaminany iray izy." Izy no iraky ny Fanekena, nitsangana mihitsy teo anelanelan'ireo—ireo fizaram-potoana roa, tonga. Hitanareo? "Mihoatra noho ny mpaminany iray."

211 Ary noho izany—noho izany dia tsy nahafantatra azy izy ireo. Tsy azon'izy ireo izy. Karazana lehilahy iray toa mahatsikaiky izy, noho izany dia diso azy izy ireo, hitanareo.

212 Avy eo rehefa tonga Jesosy, arak'izany, ary azo antoka fa tsy hanaiky Azy izy ireo, ity Zanakalahin'ny mpandrafitra ity, tsy nisy na inona na inona tahaka an'izany, niaraka tamin'ny anaran-dratsy Taoriany, hoe "zazasary." Ary, Izy, tsy handeha hijery Lehilahy iray tahaka an'izany izy ireo.

213 Fa, fa jereo izay nataon'Andriamanitra. Izy dia naka an'ilay tsy nianatra, mahantra, mpanjono, lehilahin'ny ala, tantsaha, ary mpijangajanga, ka namela an'ireo manan-kaja nipetraka teo. Nahoana? Inona? Nahoana Izy no nanao an'izany? Nahoana Izy no nanao zavatra tahaka an'izany? Azonareo eritreretina ve? Satria ireo olona ireo no nahafantatra Azy ho ny Teny. Ankehitriny dia ndao isika handinika azy ireo iray minitra fotsiny.

214 Indro ny mpanjono antitra iray tsy mahay, tsy afaka manoratra ny anarany. Ny Baiboly no nilaza fa izy dia "tsy nahay ary tsy nianatra." Mitondra ny trondrony izy ary mametraka an'izany. Mandeha eo ary mahita hoe inona daholo ny amin'io tabataba io. Saingy tao anatiny lalina tao, dia fantany fa ny Baiboly dia nilaza fa ny Mesia . . . Ireo Hebreo rehetra dia niandry ny Mesia, satria tsy maintsy hisy zavatra ara-tSoratra iray hitranga rehefa tonga Izy.

215 Efa nisy mesia betsaka teo, niseho ka nanao hoe, "Izaho no Izy," ary nitarika azy ireo, aman-jatony, ka—ka levona sy ny sisa. Fa, hitanareo, izany dia mba hamadihana an'ilay tena Anankiray rehefa tonga Izy.

216 Efa nanana an'ireo kapôty sy palitaon'i Elia isika, sy ny zavatra hafa rehetra, saingy izany—izany dia—izany dia—izany dia mba hamadihana an'ilay tena zavatra fotsiny rehefa tonga izy. Hitanareo? Marina izany. Ireo karazan'olona rehetra izay nanao an'ireo akanjo sy ireo fitafiana, ary efa nalevina tao anatin'ireo karazana saron-doha mivadika, sy ny zavatra hafa rehetra. Izany tsy . . . Izany—manamarina fotsiny izany. Tahaka ny dolara sandoka iray, izay maneho fa misy anankiray marina any ho any, raha afaka mahita an'izany fotsiny ianareo. Hitanareo?

217 Noho izany dia indro Izy tonga. Ankehitriny dia tonga ireto manan-kaja ireto, ary efa tena teo amin'ny mpisolony izy ireo! "Nahoana," hoy izy ireo, "ankehitriny, raha tonga ny Mesia, dia ho tonga any amin'i Kaiafa tokoa Izy. Ho tonga ao amin'ny anaram-piangonanay Izy. Ho tonga any amin'ireo Fariseo Izy." Ireo Sadoseo, "Izany no heverinareo! Ho tonga any amin'ireo Sadoseo Izy." Ary teo izy ireo, hitanareo, ilay zavatra iray ihany izay ananan'izy ireo amin'izao andro izao, ankehitriny.

218 Fa rehefa tonga Izy, dia hafahafa ilay izy. Ho avy Izy, oh, tena mifanohitra amin'izay noeritreretin'izy ireo, saingy tonga araka ny Teny Izy. Ary tsy nahafantatra ny Teny izy ireo.

219 Mamelà ahy hilaza an'izao, tena, mba ho ianareo... hilentehan'izany lalina. Tiako ho azo ity. Izany no olana aminareo amin'izao andro izao, hitanareo, tsy mahafantatra ny Teny ianareo! Hitanareo?

220 Hoy Jesosy hoe, "Mahay mamantatra ny tavan'ny lanitra ianareo, saingy tsy hainareo ny mamantatra an'ireo famantaran'ny fotoana."

Hoy izy ireo, "Manana an'i Mosesy izahay."

221 Noho izany, hoy Izy, "Raha nahafantatra an'i Mosesy ianareo, dia ho nahafantatra Ahy." Tsy nahafantatra an'i Mosesy, ary noho izany no tsy nahafantaran'izy ireo. Nahafantatra fanekem-pinoana iray fotsiny izy ireo izay nokotrehan'izy ireo.

222 Ankehitriny dia ndao isika haka an'ity mpanjono antitra ity. Mametraka ny harony. Misintona midina ny volombavany fotsy, ary mandeha, "Mino aho fa ho hitako hoe Iza izany."

223 Hoy ny rahalahiny hoe, "Avia. Ndao isika handeha eo." Hoy izy, "Io ilay Zalahy iray ihany. Io ilay Zalahy izay nolazain'izy ireo indray andro...Nijanona niaraka Taminy nandritry ny hariva manontolo aho omaly hariva. Fantatrao ve i Jaona, izay noresahako taminao?"

224 "Hia, ilay olon-dia tany! Hia, efa nandre ny aminy aho." "Eny," i Simona antitra, fantatrareo, nanao hoe, "efa nandre ny aminy aho tany. Hia, efa tany aho, roa na telo volana lasa izay, tany. Eny."

225 "Eny, hoy izy...Ary nitsangana tany izy indray andro, nilaza zavatra iray mahatsikaiky izy. Hoy izy hoe, 'Fantatrareo, indro tonga Izy izao ankehitriny izao!' Hoy izy ireo hoe, 'Ahoana no ahafantaranao?' Nijery teo; Lehilahy tsotra iray fotsiny no nitsangana teo. Hoy izy hoe, 'Mahita ny Fanahin'Andriamanitra aho, tahaka ny voromailala, midina. Mandre Feo iray aho manao hoe, "Ity no Izy. Ity no Zanako Malalako ao Aminy no Sitrako honenana."' Avy eo dia nandeha avy hatrany tao anaty rano izy ary nanao batisa Azy, sy ny sisa. Eny, teo, dia nilaza izy fa nahafantatra Azy."

226 "Oh, tsy fantatro," hoy i Simona. "Efa nandre an'izany rehetra izany aho, imbetsaka." Fa indro tonga izy. Saingy tao am-pony lalina tao dia nisy voa iray voafidy mialoha. Hitanareo? Jesosy no niteny an'izany. Marina. Manatona Azy izy. Manatona. Hoy izy hoe, "Handeha any amin'ilay fivoriana aho ka hahita." Manatona eo.

227 Nitsangana teo Jesosy, Lehilahy kely iray tsotra fotsiny. Nanatona. Hoy Izy hoe, "Nahoana, ny anaranao dia Simona.

Ary ny anaran'ny rainao dia Jonasy." Nanintsana azy izany. Nahoana? Io voa kely, an'ny Fiainana Mandrakizay io no voadona tao anatiny tao. Eny, tompoko.

228 Hoy izy, "Andraso iray minitra! Ahoana izany? Tsy mbola nahita ahy mihitsy Ianao. Tsy nahafantatra ny dadako koa Ianao, satria efa taona maro no nahafatesany. Nefa indro tonga Ianao, miteny amiko an'izany? Ankehitriny, fantatro fa ny Baiboly dia milaza . . . " Ankehitriny, izany dia tsy hoe miverina any amin'izay lazain'ilay loholona. "Fa ny Baiboly no nilaza fa ho Mpaminany iray ny Mesia. Io Izy. Izy izany."

229 Indray andro dia nandalo an'i Samaria Izy, nandalo teo niaraka tamin'ny andiana Jiosy iray. Navelany izy ireo. Ary ity vehivavy kely, ratsy laza ity dia tonga, angamba ramatoa kely iray tsara tarehy, fantatrareo. Ary efa nariana teny an-dàlambe izy, raha mbola ankizy. Ary nandalo teo izy. Angamba nieritreritra zavatra anankiray izy. Nandeha teo izy ary nametraka ny sininy. Ary nanomboka nampidina an'ilay fanodinana izy, fantatrareo, maka rano. Dia nandre Lehilahy iray izy nanao hoe, "Itondray Aho hosotroina." Nijery manodidina izy, ary karazana Jiosy iray antenantenan-taona no nipetraka teo.

230 Hoy izy hoe, "Hono ho'aho, tsy Jiosy ve Ianao? Tsy tokony hanao an'izany Ianao. Tsy fanao Aminao ny miresaka amiko. Samaritana iray aho."

231 Hoy Izy hoe, "Saingy raha fantatrao hoe Iza no iresahanao, dia ianao no hitondra . . . hangataka Ahy hanome anao hosotroina."

232 Hoy izy, "Aiza ny Sininao?" Hitanareo? "Aiza ny Tadinao?"

"Eny," hoy Izy, "ny Rano izay Omeko dia Fiainana."

233 "Ny inona?" Hitanareo? "Nahoana," hoy izy, "nahoana, ianareo rehetra dia mila mivavaka any Jerosalema. Nefa ny rainay dia nivavaka . . . "

234 "Oh," hoy Izy, "marina izany, saingy," hoy Izy, "izahay Jiosy dia mahafantatra an'izay ivavahanay. Saingy," hoy Izy, "fantatrao, tonga ny fotoana izay—izay tsy hivavahan'ny olona any Jerosalema na amin'io tendrombohitra io." Hoy Izy hoe, "Izy ireo dia—izy ireo dia hivavaka amin'Andriamanitra amin'ny Fanahy, satria Izy dia Fanahy, Fanahy sy Fahamarinana." Eny, nanomboka nandinika izy, fantatrareo.

Dia hoy Izy hoe, "Alaivo ny vadinao dia tongava eto."

Hoy izy hoe, "Ny vadiko? Tsy manana vady iray mihitsy aho."

235 "Nahoana," hoy Izy, "izany no fahamarinana." Hoy Izy, hoy Izy, "Efa niaraka tamin'ny dimy ianao, ary manana ny anankiray fahenina ankehitriny." Ary hoy Izy, "Efa nanana dimy ianao. Ary—ary, ianao, fantatrao. Niteny ny fahamarinana ianao."

236 Diniho! Inona izany? Ilay Hazavana no nandona an'io voa io. Efa nandry tao izany, voatenin'Andriamanitra izany. Eny, tompoko.

237 Teto an-tany ilay voa. Rehefa nanaisotra ny rano Andriamanitra, ka nandona azy ny masoandro, dia nipoitra izy. Marina izany. Hitanareo? Izay ihany no nilainy, dia ny masoandro. Nila hazavana fotsiny. Eny, tompoko.

238 Ary noho izany rehefa ny Fanahy Masina, tao Aminy, no nanaisotra ny fiainany lasa, ka naneho taminy an'izany, dia io Hazavana io no nandona azy. Hoy izy hoe, "Tompoko, hitako fa Mpaminany Ianao." Hoy izy hoe, "Ankehitriny, fantatray, fantatro izany, fa rehefa tonga ny Mesia, dia ho izany Izy. Ary efa tsy nanana mpaminany iray izahay nandritry ny an-jatony taona. Tsy nanana mpaminany marina iray mihitsy izahay, nandritry ny an-jatony taona." Ary hoy izy hoe, "Ahoana no Itenenanao amiko mikasika ny vadiko, sy nitenenanao tamiko hoe firy no efa nananako, sy ny sisa. Nahoana," hoy izy, "tsy azoko izany." Hoy izy, "Rehefa tonga ny Mesia, eny, dia Izy no hanao an'izany. Fa Iza moa Ianao?"

Hoy Izy hoe, "Izaho no Izy."

Izay ilay izy. Hitanareo? Mpijangajanga iray!

239 Ary nijery manodidina ireo mpisorona ka nilaza . . . Eny, tsy maintsy hamaly an'ireo fiangonany izy ireo. Nanao hoe, "Aza miadaladala amin'io lehilahy io. Izy dia—azon'ny devoly izy. Izay ihany." Ankehitriny, izany ilay fahasamihafana. Izany ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao. Hitanareo? Ilay zavatra iray ihany amin'izao andro izao, izay mitovy marina tokoa. Hia. Eny, tompoko.

240 Izy, fantany izany, satria ilay Hazavana no nandona an'Izany. Izy ireo dia na- . . . Ireo mpanjono ireo, lehilahin'ny ala, tantsaha, mpamory hetra, mpijangajanga, izy ireo no nahita tao Aminy an'izay nolazain'ireo Soratra tsotra fa Hataony. Fa ireo Fariseo tsy afaka nahita, nohon'ny fombafombany. [Miato sy manao fihetsehana amin'ny fomba iray Rahalahy Branham. Mamaly amin'ny fanamafisana ny fiangonana—Mpand.] Tsy afaka nahita izy ireo, nohon'ny fombafombany. Fa ilay mpivarotena, ireo tantsaha, sy izy rehetra, izy ireo no nahita an'Izany, izay rehetra voafidy mialoha. Rehefa nihorona niala ireo fisalasalana, dia nanomboka naniry ilay voa. Marina izany.

241 Inona no nataony? Hoy izy hoe, "Eny, faly ve aho fa nihaona tamin'i Mesia"? Oh, tsia, rahalahy. Nandeha avy hatrany nankao an-tanàna izy. Adinony ny mikasika an'ilay rano. Hoy izy hoe, "Avia, jereo ny Lehilahy iray Izay niteny tamiko an'ireo zavatra izay nataoko. Tsy izao ve ilay tena zavatra izay lazain'ny Soratra fa hataon'ny Mesia? Tsy izao marina tokoa ve izany?" Ary afaka nahita an'ilay zavatra iray ihany ny olona.

242 Araka ny nolazain'i Jesosy Kristy, ao amin'ny Masindahy Jaona 14:12, fa hitranga indray izany. Nilaza an'izany koa Izy ao amin'i Lioka, rehefa hoy Izy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa." Toy ny ahoana no nanehoan'Andriamanitra ny Tenany tao amin'ny Lehilahy iray, ka niteny hoe iza no Taoriany; ary izay nataon'i Saraha, nihomehy tao anatin'ny tranolay. Ary ireo Soratra rehetra ireo, an'i Malakia, sy ny sisa, nilaza mialoha ny amin'ny andro farany. Hebreo 4 no nilaza, rehefa "ny Teny" no miverina. Malakia 4 no nilaza fa hiverina amin'ny alàlan'ny lehilahy iray Izany. Ny Hebreo 4 no nilaza hoe, "Ny Tenin'Andriamanitra dia mamantatra an'ireo fisainana izay ao anatin'ny fo."

243 Ary afaka nahita an'izany natao izy ireo, nefa niala avy hatrany nanalavitra an'ilay izy. Ireo fombafombany no manafina an'izany ary manao an'izany ho tsy misy fiantraikany. Eny, eto mihitsy isika izao. Izay ihany. Ah-hah.

244 Fantatrareo, afaka hanao an'ilay zavatra iray ihany Izy androany. Ho tonga avy hatrany eo amin'ny sehatra Izy ka hamokatra an'ireo zavatra iray ihany izay Nataony tamin'izany, araka ny Nolazainy fa Hataony. Hitanareo? Izy no nampanantena fa hanao an'izany. Izy no nampanantena hanao an'izany. Ary raha hanao an'ilay zavatra iray ihany Izy, dia ilay irak'i Laodikia no natao hanao an'izany.

245 Ary amin'izay fotoana izay rehefa mahita an'izany vita ilay fiangonana Laodikia, dia hanao marina tokoa tahaka ny nataon'ilay fiangonana Hebreo tany amin'ny voalohany izy ireo. Am-ham. Tsy mampaninona na voamarina tsara toy ny ahoana aza Izany, oh, hanao an'izany izy ireo, na ahoana na ahoana. Oh, oadray!

246 Ankehitriny, Voalazany fa ho izany ilay izy. Hiverina amin'ilay Teny tany am-boalohany isika, ary ho tonga voaseho araka ny nampanantenaina, mba hamerina indray ny Finoana, ny Finoana tany am-boalohany, indray. Ary raha nampahafantatra ny Tenany Izy fa nonina teo anivon'ny Olony Izy, tamin'ny fanaovana an'ireo zavatra ireo; afaka nanao ny Sariny ho azo mihitsy aza Izy, manaporofo an'izany ara-tsiansa. Nefa mbola tsy mino an'izany foana izy ireo. Ary voaporofo, namela ny maso mekanikan'ilay fakan-tsary hahazo Azy nitsangana tany, io Andry Afo iray io ihany, tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, Hebreo 13:8, mba haneho fa izany—izany dia siantifika, ary ny fomba hafa rehetra, ara-tsiansa ao amin'ny faritra ara-panahy. Tamin'ny fomba rehetra izany—izany dia afaka nohamarinina, efa nohamarinina izany.

247 Ary, fantatrareo, hanao an'ilay zavatra iray ihany angamba izy ireo. Handeha hiala avy hatrany angamba izy ireo ka hanao an'ilay zavatra iray ihany tahaka ny nataon'izy ireo.

248 Oh, hanampy antsika anie Andriamanitra! Oh! Hijanona eto fotsiny isika. Saingy, Andriamanitra anie hanampy antsika mba hahita ankehitriny, no fivavako, raha tonga isika ankehitriny. Satria, tsy te-hihazona anareo tara loatra aho. Andriamanitra anie hanampy antsika mba hahita. Mino aho angamba, satria eo ambonintsika ny Fanahy, dia izao no mety ankehitriny Hanampiany antsika hanambara, hanokatra an'ity Tombokase ity.

249 Ndao isika hamaky. Satria hitantsika ny toerana misy an'ilay fiangonana, hitantsika izay nisy azy, nahita an'izay nataon'izy ireo, nahita an'izay natao hahatongavany, mahita azy eo, ary mahita an'izay natao hataon'izy ireo. Nanao an'izany mihitsy izy ireo. Ankehitriny dia hitanareo ve hoe aiza no misy antsika? Ianareo no manao ny fitsarana. Tsy afaka mitsara aho. Tompon'andraikitra fotsiny amin'ny fitondrana an'ity Teny ity aho. Araka ny nanomezana Azy ahy fotsiny, no ahafahako manome Azy. Raha mbola tsy nomena ahy Izy, dia tsy afaka manome Azy aho; tsy misy olon-kafa afaka manome.

> *Ary rehefa nosokafany ny tombokase fahatelo, dia reko ny zava-manan'aina fahatelo nanao hoe, Avia ka jereo. Ary nijery aho, ka indro soavaly mainty iray; ary izay* nipetraka *teo amboniny dia nanana mizàna iray teny an-tànany.*
>
> *Ary reko* ny *feo teo afovoan'ireo zava-manan'aina efatra* nanao hoe, *Venty ny vary tritika iray fatra, ary venty ny vary hordea intelon'ny fatra;* saingy *jereo fa ianao aza manimba ny diloilo sy . . . divay.*

250 Ankehitriny, ny Zanak'ondry no manana ny Boky eny an-Tànany, mamaha an'ireo Tombokase. Izy no namaha an'ilay voalohany, ilay faharoa, ary ankehitriny dia mamaha an'ilay fahatelo Izy. Ary raha mamaha an'izany Izy, ny Zanak'ondry no mamaha azy, ny Tombokase Fahatelo, ny Zava-manan'aina fahatelo . . .

251 Ankehitriny dia firy no mahafantatra hoe nitovy tamin'ny inona ilay Zava-manan'aina fahatelo? Nitovy tamin'ny olona iray. Ny iray voalohany dia nitovy tamin'ny liona iray; ilay iray hafa nitovy tamin'ny zanak'omby iray, na omby iray; ary ny iray fahatelo dia nitovy tamin'ny olona iray, olona iray izany. Ary henony ilay—ilay Zavatra manan'aina, ilay—ilay Zava-manan'aina. Zavatra manan'aina, tahaka ny olona, no nanao tamin'i Jaona hoe, "Avia, jereo hoe inona Izany, io zava-miafina izay nafenina io." Nanerana ny taonan'ny fanavotana rehetra, hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao, dia nafenina eo ambanin'ity Tombokase ity Izany, izay hitranga. Ankehitriny, "Avia, jereo hoe inona Izany."

252 Ary noho izany dia Sokafany Izany. Mipoaka ny kotrokorana iray, ary manokatra an'ireo Tombokase ny Zanak'ondry.

253 Ankehitriny, ary nanatona i Jaona, mba hahita hoe ho inona Izany. Inona no hitany? Nahita soavaly mainty iray izy. Ary ny mpitaingina azy dia nanana mizàna iray, na fandanjana, teny an-tànany. Ankehitriny, izany no zavatra voalohany hitany. Rehefa nilaza an'Izany ny Zanak'ondry, namaha ny Tombokase, avy eo ilay Zava-manan'aina hafa . . . Hitanareo, ireo Zava-manan'aina ireo dia mifandimbindimby, mikasika ny filazana hoe, "Avia, jereo." Ary i Jaona, teo amin'izay nitsanganany, angamba tahaka an'*izao*, mandroso eto izy, rehefa nanokatra ilay Zanak'ondry, ary nandroso. Mazàna . . .

254 Mamely ilay kotrokorana, tahaka ny nahitantsika ny Tombokase Voalohany. Ary mandinika izy mba hahita an'izay mitranga. Ary mahita lehilahy iray tonga izy, aloha, eo ambonin'ny soavaly fotsy iray. Mandinika azy mitaingina izy. Ary manohy hatrany, mijery azy hatrany amin'ny farany mihitsy i Jaona. Mahita azy tonga izy, ny soavaliny fotsy, manana tsipìka iray eny an-tànany, ary ilay—manana ilay mpitaingina, ary tsy manana zana-tsipìka miaraka amin'izany izy. Ary ny zavatra manaraka izay hitany, dia mahazo satroboninahitra iray izy, manohy mitaingina hatrany.

255 Avy eo dia hitantsika, arak'izany, ilay Zanak'ondry, indro tonga indray, manokatra anankiray hafa Izy. Ary mijery. Ankehitriny dia indro tonga ny—ny soavaly mena iray. Ity lehilahy ity dia manana sabatra iray eny an-tànany. Manohy mitaingina mihitsy izy manerana ny Soratra, hitanareo, miaraka amin'io sabatra eny an-tànany io, ary tsy maintsy hamono sy hanaisotra ny fiadanana eo amin'ny tany.

256 Ankehitriny dia manokatra Tombokase hafa iray ny Zanak'ondry. Zavatra manan'aina anankiray hafa, tahaka ny olona, nanao hoe, "Avia, jereo." Ankehitriny dia mandroso izy, mijery hoe inona io. Ary rehefa mandroso izy, indro tonga ny mpitaingina iray eo ambonin'ny soavaly mainty iray.

257 Ankehitriny, omaly hariva, dia hitantsika fa ilay mpitaingina iray ihany izay nitaingina an'ilay soavaly fotsy no ilay iray ihany izay teo ambonin'ilay anankiray mena.

258 Ary nilaza ilay Feo, teo afovoan'ireo Zava-manan'aina, niantso mafy, hitanareo. Teo, tonga mba hahita hoe inona ilay izy: Tao anatin'ireo Zavatra manan'aina ireo Izy. Ary hitany ity soavaly mainty ity.

> *Ary* rehefa . . . ilay *feo teo afovoan'ireo zava-manan'aina no* niantso mafy *hoe*, *Venty ny vary tritika iray fatra, ary—ary venty ny vary hordea intelon'ny fatra;* saingy *jereo* fa *ianao aza manimba ny—ny diloilo sy ny divay.* (Hitanareo?)

259 Ity mpitaingina ity, ndao isika hiresaka ny aminy. Raha hahamarika an'ilay mpitaingina voalohany ianareo, iza izy. Ary hitantsika, omaly hariva, ara-tSoratra, fa ilay mpitaingina

faharoa dia ilay lehilahy iray ihany marina tokoa, eo ambonin'ny soavaly iray hafa fotsiny izy. Inona no nitranga? Nanova ny asam-panompoany izy. Hitanareo? Marina. Hitantsika fa antikristy iray izy, ary nanova ny toerany.

260 Hitantsika fa rehefa izy, voalohany, dia soavaly fotsy iray fotsiny, lasa foto-pampianarana iray izy. Ankehitriny, dia efa noraisintsika ny tsirairay avy tamin'ireo tao amin'ny Soratra avy hatrany. Hitanareo?

261 Ankehitriny, diniho hoe aiza no misy antsika, izao hariva izao, ilay taom-piangonana hafa ankehitriny. Hitanareo? Ho tonga eo amin'ny taom-piangonana fahatelo isika ankehitriny. Hitanareo? Eo amin'ny taom-piangonana fahatelo marina tokoa, dia mitovy marina tokoa amin'ilay soavaly fahatelo. Hitanareo?

262 Ankehitriny, ilay taom-piangonana voalohany, inona izany? Nanana foto-pampianarana iray ireo Nikolaita, hitanareo, ilay anankiray voalohany mihitsy. Eny àry. Ary avy eo, ny zavatra voalohany fantatsika, io foto-pampianarana Nikolaita io, lasa nomena alàlana sy marina izany, niditra tao amin'ny hetsika. Ary nanisy satroboninahitra an'io olona io izy ireo. Avy eo, io fanahy io, antikristy, dia lasa nitsofoka tao anatin'ny lehilahy iray. Hitanareo? Ary hitantsika, taty aoriana, fa izy dia lasa devoly nitsofoka iray, ihany koa; lasa ilay demony, ary niditra ny devoly.

263 Ary satria io karazany io mihitsy ilay fiangonana, fiangonana antikristy, mandroso; dia toy izany koa no nahatongavan'ilay Ampakarina miaraka amin'ireo zavatra samihafa: amin'ny alàlan'ny fanamarinana, fanamasinana, batisan'ny Fanahy Masina, ary manohy mandroso, hitanareo, tahaka an'izany mihitsy. Izao fotsiny, nahazo ny fifohazany izy ireo tamin'ny voalohany, ary ny Fiangonana no mahazo an'izany amin'ny farany. Ireo telo taonany voalohany . . . ireo dingana telon'izy ireo izay nandalo tao amin'ilay taona maizina; avy eo ny fahatelo, ireo dingana telo, dia mivoaka ny Fiangonana; avy amin'ny fanamarinana, fanamasinana, batisan'ny Fanahy Masina, mankao amin'Andriamanitra nitsofoka tonga voaseho teo anivontsika. Indro izy miditra, amin'ny maha-antikristy, amin'ny maha-mpaminany sandoka, avy eo ny bibidia, avy eo ao amin'ny taona maizina. Ary mivoaka avy ao amin'io taona maizina io ilay Fiangonana; fanamarinana, fanamasinana, batisan'ny Fanahy Masina, Teny nitsofoka, ilay maha-izy azy ankehitriny. Ary midina izy. Ah-hah. Hitanareo ve izany? Midina izy. Ilay Fiangonana miakatra. Hitanareo? Tanteraka mihitsy arak'izay mety haha-izy azy izany. Oh, tsara tarehy ilay izy. Tiako fotsiny izany.

264 Ity mpitaingina ity dia ilay anankiray ihany, saingy dingana iray hafa an'ny asam-panompoany.

265 Ny dingana voalohany, soavaly fotsy iray, hitanareo, mpampianatra iray fotsiny izy, mpampianatra antikristy iray fotsiny. Nanohitra ny Tenin'Andriamanitra izy.

266 Ary ankehitriny ahoana no ahafahanareo ho antikristy iray? Ny olona rehetra izay mandà fa ny Teny tsirairay an'ity dia tsy marina, ary tsy maintsy ampianarina tahaka an'izany, dia antikristy iray, satria izy ireo dia nandà ny—ny—ny—ny—ny Teny. Ary Izy no Teny.

267 Ankehitriny, ny dingana voalohany, soavaly fotsy, dia mpampianatra iray fotsiny izy, saingy fanahin'ny antikristy iray tao amin'ny foto-pampianarany sy ny toetrany. Tsy manan-tsiny izany. Tsy afaka mandratra na inona na inona izany, toa tahaka an'izany; manohy fotsiny. Tahaka an'izany no idiran'i Satana. Oh, vorona fetsy iray izy.

268 Niteny tamin'i Eva izy, nanao hoe, "Ankehitriny, fantatrao fa mitady fahendrena ianao. Tsy fantatrao izay tsara sy ratsy." Hoy izy, "Ankehitriny, raha nisokatra ireo masonao, dia ho fantatrao izany." Ary hoy izy, "Mahafinaritra ilay voankazo. Tsara ilay izy. Ilay izy dia—mahafinaritra ny maso ilay izy. Tokony alainao izany ankehitriny. Tsy fantatrao na izany izy, na tsia, sa tsy izany?"

"Tsia, tsy fantatro. Fa Andriamanitra no nilaza hoe tsy hanao an'izany."

"Saingy, oh, eny, fantatro, saingy . . . "

"Andriamanitra no nilaza fa Izy . . . ho faty izahay."

269 Hoy izy hoe, "Azo antoka fa tsy hanao an'izany Izy." Hitanareo, malemy fanahy mihitsy arak'izay maha-izy azy. Jereo izay nataony.

270 Diniho io fanahin'ny antikristy izay nipoitra teo anivon'ilay fiangonana voalohany io, fampianaran'ny Nikolaita iray. *Niko*, "mandresy" ny laisma, manao lehilahy masina iray. Oh, izany dia tena tsy man-. . . "Eny, mila fiombonana fotsiny izahay. Nahoana, ianareo dia miparitaka eto; tsy misy olona mahafantatra hoe aiza no misy ny olona. Heveriko fa tokony hanana rafi-pandaminana iray isika rehetra ary mba ho hafa fotsiny. Hitanareo, isika dia handeha, hanambatra ny tenantsika. Tokony hanao trano fialofana avy amin'izany isika." Ary izany ilay izy. Tsy misy izany karazana Fiangonana Kristiana Metodista izany. Tsy Fiangonana iray izany; trano fialofana iray izany. Batista, tsy Fiangonana iray izany; trano fialofana iray izany.

271 Fiangonana anankiray ihany no misy, ary izany dia ny Vatana mahagaga an'i Jesosy Kristy. Ary teraka tao amin'Izany ianareo, marina izany, tamin'ny alàlan'ny fifidianana mialoha. Marina izany. "Izay rehetra nomen'ny Ray Ahy no hanatona. Tsy misy olona afaka manatona raha tsy ny Ray no miantso azy. Ary

izay rehetra Nomeny Ahy, no hanatona Ahy." Noho izany, izany, izany ilay izy. Izy fotsiny . . .

272 Mipetraka eo ilay Zanak'ondry, manao—manao fanelanelanana, mandra-piditr'ilay anankiray farany. Maneno ilay lakolosy kely, ary mivoaka Izy ka maka ny Fananany amin'izay fotoana izay, hitanareo, izay ihany; mitondra Ny Fiangonany any an-Trano, ireo Olony. Ary manipy ny Fahavalony ao amin'ny Farihy Afo, ary ny olony rehetra miditra ao miaraka aminy, ary izay no izy. Avy eo isika dia miditra ao amin'ny Arivo taona.

273 Ilay mpitaingina iray ihany, ankehitriny. Io dingana voalohany io, dia tsy manan-tsiny izy. Ary ny faharoa, ankehitriny, raha niakatra kely fotsiny ianareo, mihoatra kely noho io; ilay dingana faharoa, ny Baiboly dia nilaza fa izy dia "nomena satroboninahitra iray." Ary nanisy satroboninahitra lehilahy iray izy ireo, olombe iray. Hitanareo, nanisy satroboninahitra azy! Ary, avy eo, ny Baiboly dia tsy niantso azy hoe papa iray. Ny Baiboly no niantso azy hoe "mpaminany sandoka." Nahoana? Hia. Mazava ho azy, tsy maintsy ho mpaminany sandoka iray izy, nohon'ny fanahiny antikristy, izay nampianatra antikristy nanohitra ny Teny tany am-boalohany. Satria, raha nampianatra nanohitra ny Teny tany am-boalohany izy, dia antikristy. Izany izy. Ary ny Teny dia Andriamanitra, hitanareo, Kristy. Eny àry. Ankehitriny, taorian'io, dia hitantsika izy avy eo fa nasiana satroboninahitra. Ary rehefa nasiana satroboninahitra izy, ankehitriny, dia tena tsy manan-tsiny sy tsy mahery setra. Olona iray kely fotsiny izy.

274 Fa avy eo tao amin'ny Fivoriamben'i Nise, dia natao ho izany izy, ary Constantin no nanome azy ny fananana rehetra. Ary tamin'izay fotoana izay dia inona no nataony? Tamin'izay fotoana izay izy, hitanareo, Satana, dia nanome azy ny seza fiandrianany sy ny fahefany. Ny Baiboly no niteny an'izany, araka ny efa nandalovantsika an'izany.

275 Ankehitriny, ny zavatra manaraka dia hitantsika, fa ny devoly no mifehy ny politika rehetra izay hany nisy na hany hisy. Mahita an'izany isika ao amin'ny Matio 4:11. Ary ankehitriny dia hitantsika, avy eo, fa efa azon'i Satana ny politika.

276 Fa miezaka izy ny hahazo an'ilay Fiangonana, noho izany dia tonga izy mba hamitaka Azy. Mitondra ny olombeny izy, mampiditra azy ao anatin'ny rafi-pandaminana iray, ary manisy satroboninahitra azy hoe "vikera," hitanareo, kristy iray. Kristy dia nihetsika eo amin'ny toeran'Andriamanitra. Hitanareo, ity zalahy ity dia vikera iray, eo amin'ny toeran'Andriamanitra. Hitanareo? Mitovy mihitsy, "eo amin'ny toeran'Andriamanitra," izany no natao haha-izy azy, vikera iray eo ambanin'i Kristy.

277 Ankehitriny, ankehitriny, rehefa nanao an'izany izy, dia inona no nataony avy eo? Izy, Satana, dia naka ny fahefany

ara-politika, izay efa naha-izy azy, ary naka ny fahefana ara-pivavahana, satria efa nasiana satroboninahitra izy, ary nametraka azy ireo niaraka.

278 Ary avy eo dia nanao satroboninahitra iray hafa ho azy izy eo amin'ny helo. Ary ireo izay efa lasa, raha nandoa vola betsaka izy ireo, dia izy no hamoaka azy ireo. Hitanareo? Noho izany ankehitriny dia izy no—izy no vikera eo amin'ny Lanitra, eo amin'ny afo fandiovana, arak'izay itiavany hiantsoana an'izany. Tsy misy zavatra tahaka an'izany ao amin'ny Baiboly, hitanareo, saingy tsy maintsy nanao zavatra iray izy. Ny Baiboly dia nilaza fa nivoaka avy tao amin'ny lavaka tsy hita noanoa izy, ary miverina indray amin'izany làlana iray izany ihany. Ary, eto an-tany, dia mpanapaka iray!

279 Ankehitriny dia inona no nomena azy avy eo? Voalohany, nanana tsipìka iray izy, saingy tsy nanana zana-tsipìka mihitsy. Fa ankehitriny dia manana sabatra iray mahery izy eny an-tànany. Afaka manao zavatra iray izy ankehitriny. Avy eo dia mitsambikina miala amin'ny soavaliny fotsy izy; manohy mandeha mivoaka ilay soavaly fotsy. Ankehitriny dia inona no asiany lasely? Soavaly mena iray, rà, soavaly mena-rà. Mitaingina an'io anankiray io marina tokoa izy. Oh, azo antoka. Ankehitriny dia nomena hery lehibe sy sabatra iray lehibe izy, mba hamono, noho izany dia mitaingina ny soavaliny mena-rà izy.

280 Hitantsika, avy tao amin'ny Tombokase Faharoa, izay nosokafana omaly hariva, fa nanaisotra ny fiadanana teto an-tany izy ary nifamono. Ary ny tantaran'ny maritiorany manokana, an'ny fiangonana Katolika Romana, no maneho fa namono ho faty Protestanta valo amby enimpolo tapitrisa izy ireo, nanomboka tamin'ny andron'i Masindahy Hippone de . . . taorian'i Masindahy Augustin d'Hippone, hatrany amin'ny valopolo sy dimanjato sy arivo mahery. "Valo amby enimpolo tapitrisa." *Great Reform* an'i Schmucker, raha te-hamaky an'izany ianareo, *Glorious Reform*, raha ny marina, hitanareo. Ankehitriny, valo amby enimpolo tapitrisa no voarakitra eo amin'ny tantaran'ny maritiora! Rehefa ny iray tamin'ireo mody antsoiny hoe olo-masina no nahazo ny fanambarana fa ny olona rehetra izay tsy mifanaraka amin'ny fiangonana Romana dia tokony ho faty toy ny mpirehidrehi-poana iray, izay mihitsy no tapak'izy ireo tamin'izany. Ry tovolahy, nanaparitaka an'ilay rà fotsiny izy! Izy—izy dia nitsambikina niakatra teo amin'ny soavaliny fot- . . . , na, ny soavaliny mena, ary lasa nitaingina. Oh!

281 Ankehitriny dia tonga ny heriny lehibe. Natao vikeran'ny Lanitra izy, ary nivavahana tahaka an'Andriamanitra. Mpanapaka ny tany, amin'ny fanakambanana ny fiangonana sy ny fanjakana miaraka, manao azy ho mpanapaka eto an-tany; nanome azy satroboninahitra iray eo amin'izany.

Afaka mivavaka ho an'ireo fanahy hivoaka avy ao amin'ny afo fandiovana izy. Izy koa dia afaka manela-. . . Tahaka an'Andriamanitra mihitsy izy, eto an-tany, eo amin'ny toeran'Andriamanitra. Miaraka, nanana hery lehibe izy hamono na iza na iza tsy mifanaraka amin'ny baikony. Iza no hilaza zavatra iray aminy? Tsy afaka milaza na inona na inona ny fiangonana; izy no lohan'izany. Tsy afaka milaza na inona na inona ny fanjakana; izy no lohan'izany. Noho izany, dia an-tapitrisany izy ireo no maty. Ireo fiangonana kely rehetra, ry rahalahy, dia nopotehina, sy novonoina ary natao maty, ka namahanana an'ireo liona, sy ny zavatra hafa rehetra. Hitanareo? "Ilay dragona," Roma, "no nanome azy ny sezany sy ny fahefany." Ny Baiboly no niteny an'izany. Hitanareo? Noho izany dia nitaingina ny karazany izy, soavaly mena tamin'ny alàlan'ny ràn'olombelona, hany ka lasa soavaly mena iray izany.

282 Ankehitriny dia mahita azy eo ambonin'ny soavaly mainty iray i Jaona. Niova izy, zavatra hafa iray.

283 Ankehitriny aho dia tsy maintsy hi—hilaza an'ity araka ny nahatongavany tamiko fotsiny. Ary avy eo raha tonga tamiko izany ka tsy nifampitaha amin'ny sisa amin'ny Soratra, amin'izay fotoana izay dia tsy Andriamanitra mihitsy no nanome an'izany. Hitanareo, ireo Soratra dia tsy maintsy, ny tsirairay avy, izany dia zavatra anankiray fotsiny goavana be—be tahaka an'izany. Ny Soratra dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny Soratra. Ary ny zavatra rehetra mifanohitra amin'ny Soratra . . . Raha io Anjelin'ny Tompo io no niteny tamiko zavatra iray izay tsy ara-tSoratra, dia tsy hino Azy aho. Hitanareo?

284 Nilaza aho, tany Chicago indray andro, rehefa ireo mpitoriteny an-jatony rehetra ireo . . . Nisy olona iray ve tany tamin'io fivoriana io? Azo antoka. Io fivoriana tany Chicago io, hoy aho hoe, "Ankehitriny, ianareo rehetra dia miresaka fa ianareo dia . . . Nihevitra ianareo fa hanodinkodina ahy ianareo ato, eo amin'ny zavatra iray." Saiky tahaka ny ao amin'ity efitra ity ankehitriny. Hoy aho hoe, "Inona izany? Manao an'ilay izy hanohitra ahy ianareo." Hoy aho hoe, "Ny Fanahy Masina no naneho tamiko, telo alina lasa izay, an'izay hisy ny tsirairay avy aminareo. Ary hoe isika dia tsy ho ao amin'io . . . Anontanio i Carl eto raha tsy marina izany."

285 Ary nisy an'i Hank sy izy rehetra ireo tany hoe, "Marina izany." Tany ianareo rehetra mba handre.

286 Hoy aho hoe, "Ankehitriny dia manohitra ahy ianareo, eo amin'ny Fampianarako. Izany ilay olana. Ankehitriny dia mila ny anankiray aminareo aho ho tonga eto, ary ento ny Baibolinareo ka mitsangàna eto akaikiko, ka disoy Izany." Izany no andiany mangina indrindra izay hany renareo. Hoy aho hoe, "Inona ny olana aminareo?" Hoy aho hoe, "Noho izany, raha fantatrareo fa tsy afaka mijoro hanohitra ny Teny

ianareo, amin'izay fotoana izay mankanesa ao ivohoko. Ny Dokoteranareo momba an'Andriamanitra sy ny sisa, ka miresaka hoe ahoana, mampahafantatra ny tenanareo hoe 'Dokotera,' 'Dokotera,' 'Dokotera.' Nefa izaho dia . . . " (Oh, izaho sy Rahalahy Wood dia manao hoe "cheechaker," na, "greenhorn.") "Tsy manana fianarana aho, tsy nandalo tao amin'ny seminera iray mihitsy na sekoly. Saingy ento ny Baibolinareo ka tongava eto ary mitsangàna eto akaikiko, disoy ny taranaky ny menarana, ny batisa amin'ny Anaran'i Jesosy, na ny iray amin'ireo zavatra izay ampianariko." Tsy nisy olona nilaza teny iray. Fantatrareo rehetra izany. Izany no andiana mangina indrindra izay hany hitanareo.

287 Hitanareo, midera tena fotsiny tahaka ny tsy fantatro hoe inona izy ireo. Ankehitriny, ankehitriny dia izay ilay izy. Tsy mino ny fifamaliana amin'ny olona aho, saingy rehefa tonga eo amin'ny toerana iray izay ezahan'izy ireo hitarika anareo ao anatin'izany ilay izy. Ary tsy ho nandeha aho, saingy ny Fanahy Masina no niteny tamiko, nanao hoe, "Mandehana mankany. Hitsangana eo akaikinao Aho."

288 Niteny tamin'izy ireo aho, telo na efatra andro talohan'ny fotoana. Tany ianareo rehetra ary nandre an'Atoa. Carlson sy izy ireo, ary—ary i Tommy Hicks. Ary nipetraka teo izy rehetra. Ary nandeha aho, telo andro nialoha, ka hoy aho hoe, "Tsy maintsy hanafoana an'io toerana io ianareo."

289 Alin'oram-baratra iray izany. Nanana fivoriana iray aho. Hoy Izy hoe, "Mandehana, mitsangàna eo amin'io varavarankely io, eo amin'io varavarana kely fahatelo eo io." Dia nandeha teo aho ary nitsangana teo mihitsy. Nijery tany ivelany tahaka an'izao aho.

290 Hoy Izy hoe, "Nametraka fandrika iray ho anao izy ireo. Hangataka anao izy ireo hiresaka ao amin'io Ministerial Association of Greater Chicago io." Hoy Izy, "Nametraka fandrika iray ho anao izy ireo, eo amin'ny fampianaranao Ny Teniko."

291 Hoy Izy hoe, "Ankehitriny, dia hanafoana an'io toerana any io izy ireo. Tsy hahazo an'izany izy ireo. Ary handeha eo amin'ny toerana iray izy ireo, izay volontany." Hoy Izy, "Tahaka an'izany ilay izy." Nijanona aho, ary nahita ny tenako teo amin'ny zorontrano iray; nijery tany aoriana ary nahita. Hitako tany izy rehetra. Hitako ireo mpitoriteny rehetra ireo nipetraka tany, araka ny naha-izy azy ireo. Nijery azy rehetra ireo aho. Ary nilaza Izy . . .

292 "Oh," nieritreritra aho hoe, "tsaratsara kokoa ho ahy ny tsy mandeha any arak'izany, Tompo, raha hanao an'izany izy ireo. Tsy te-handratra ny fihetseham-pon'izy ireo aho na hanao zavatra ratsy."

Hoy Izy hoe, "Mandehana. Hitsangana eo akaikinao Aho." Nitsangana Izy. Marina izany.

293 Ankehitriny, ianareo rehetra, misy vavolombelona mihitsy eto, izay nipetraka tany mihitsy ary mahafantatra fa marina izany. Marina izany. Eny, ianareo dia manana an'ireo horonampeo eto, ihany koa. Fa, eo ianareo izao, hitanareo.

294 Ankehitriny, ankehitriny dia ity ilay zava-miafina ny amin'io. Ary ankehitriny, Izany, rehefa nanambara tamiko Izany aninkeo vao maraina be, talohan'ny misandratr'andro. Noho izany dia nandeha haingana teo amin'ny Soratra aho ary nanomboka nijery, nanamarina an'izany. Teo ilay izy. Ny telo amin'izy ireo, hatreto, dia efa tena voambara tanteraka, tamin'ny fomba ivelan'ny voajanahary. Hia. Ankehitriny dia ity ilay zava-miafin'ilay soavaly mainty, arak'izay nanambarana azy tamiko.

295 Nanomboka nitaingina azy izy tamin'ny fotoan'ireo taona maizina. Izany no asehon'ilay soavaly mainty, ireo taona maizina, satria izany no fotoan'ny misasak'alina ho an'ireo mpino marina izay tavela. Diniho ankehitriny ao amin'io taom-piangonana io, io taom-piangonana antenantenany io, ilay taom-piangonana maizina. Diniho hoe ahoana no Ilazany hoe, "Manana hery kely fotsiny ianao." Misasak'alina iray izany ho azy ireo, ho an'ilay mpino marina. Diniho ankehitriny. Saiky efa nesorina tamin'ilay Fiangonana marina ny fanantenana rehetra, satria ity lehilahy ity no nifehy ny fiangonana sy ny fanjakana. Inona no hataon'izy ireo? Hitanareo, ny Katolisisma no nifehy, ny fiangonana sy ny fanjakana. Ary ny rehetra, izay tsy nifanaraka tamin'ny Katolisisma, dia novonoina. Izany no antony nahatonga azy teo ambonin'ny soavaly mainty iray. Ary diniho hoe zavatra mainty iray inona no nataony, hitanareo, amin'izay fotoana izay dia afaka hahita ianareo. Ary ianareo fotsiny . . . Raha mahafantatra ny tantaranareo ianareo, dia diniho izany, amin'izay fotoana izay ianareo dia ho . . . Eny, tsy mila mahafantatra an'izany akory aza ianareo, mba—mba hahafantatra an'Ity. Diniho ankehitriny. Lasa ny fanantenana rehetra. Izany ilay soavaliny mainty.

Ankehitriny, nitaingina teo ambonin'ny soavaliny fotsy izy, fetsy.

296 Avy eo dia nomena fahefana izy; nanaisotra ny fiadanana, namono an'ireo an-tapitrisany. Izany no hataony raha nanohy nitaingina hatrany izy. Ary mbola manao an'izany foana izy. Hitanareo?

297 Ankehitriny, indro izy eo ambonin'ny soavaliny mainty ankehitriny, mandroso. Taona maizina, izany io fotoana io. Saiky ilay fotoana taorian'ny nametrahana an'ilay fiangonana mihitsy, ary nahazo fahefana, no nanemporan'izy ireo ny zavatra hafa rehetra. Ary nandeha nandritry ny, saiky, an-jatony sy an-

jatony ary an-jatony taona, no ahafantaran'ny mpamaky rehetra fa ireo taona maizina izany. Firy no mahafantatra an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Azo antoka, ireo taona maizina. Io ilay soavalinareo mainty, maneho an'io taona maizina io. Ankehitriny, lasa ny fanantenana rehetra; tsy nisy fanantenana mihitsy. Ny zavatra rehetra dia toa maizina, ho an'ireo mpino kely. Ankehitriny, izany no antony niantsoana azy, nanehoana, hoe ilay soavaly mainty.

298 "Ireo mizànany, na ireo fandanjany, eny an-tànany," hitanareo. Miantsoantso hoe, "Venty ny vary tritika iray fatra, ary venty ny vary hordea intelon'ny fatra." Hitanareo, izany tokoa, izany dia, ny vary tritrika sy ny vary hordea dia tohan'aina ara-boajanahary. Avy amin'izany no anaovana ny mofo sy ny karazany. Fa, hitanareo, nampandoa vola ho an'izany izy. Ny dikan'izany, dia, nampandoa vola ny olony izy ho an'ilay karazana fanantenam-piainana izay natolony ho azy ireo, amin'ny fanaovana . . . Nanomboka tamin'ilay tena fotoana izy, amin'ny fanaovana azy ireo handoa vola ho an'ny vavaka, mampandoa vola ho an'ny vavaka. Mbola manao an'izany foana izy ireo; neuvaine.

299 Satria, inona no nataony? Mamabo ny haren'izao tontolo izao. Ilay fandanjana, mandanja hoe, "Venty ny vary tritika iray fatra; venty ny vary hordea intelon'ny fatra." Ilay mpitaingina eo ambonin'ny soavaly mainty iray, hitanareo, izy dia nanao . . . nanendaka tamin'ny olony ny volan'izy ireo. Nefa, ny Baiboly dia milaza mialoha fa izy no mihazona, saiky, ny harenan'izao tontolo izao. Araka ny nolazaintsika omaly hariva mikasika an'i Rosia, sy io rehetra io, alain'izy ireo fotsiny ny vola rehetra ary manendaka amin'ny olona ny zavatra rehetra izay ananan'izy ireo, ny zavatra rehetra. Noho izany, dia eo ianareo izao.

300 Mariho ankehitriny. Hitanareo ve hoe avy aiza io fanangonam-bola, ao amin'ny fiangonana io, no nivoaka? Mialà lavitra an'io karazan-javatra io; mba hanorenana rafi-pandaminana iray, zavatra goavana iray, iray tapitrisa dolara eto. Ary—ary hitanareo ve hoe inona no renin'izany?

301 Misaotra Anao, Tompo. Oh, oadray! Tena faly aho. Eny, tompoko. Eny àry. Ny Fahasoavany izany. Izay ihany. Eny àry. Eny àry.

302 Fotoan'ny misasak'alina iray izany. Azonareo ve izany ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary indro izy fa mampandoa vola an'ilay karazana aina, izany hoe ny vary hordeany sy ny karazany, ara-boajanahary; tsy ara-panahy, ankehitriny. Vary hordea izany, hitanareo, noho izany, ary mofo vary hordea sy mofo vary tritika. Ary nampandoa vola an'io karazana aina izay nomeny ny olony io izy. Mampandoa vola ny vavaka noho ireo pretra, mivavaka ho an'ny olona hivoaka avy ao amin'ny afo fandiovana. Mampandoa vola! Ankehitriny

dia alaiko avy hatrany avy ao amin'ny tantara ity. Mampandoa vola, heveriko, ny neuvaine izany, heveriko, inona izany . . . ny olona rehetra eto dia mahafantatra hoe inona izany . . . Neuvaine, heveriko fa izany dia zavatra iray izay tsy maintsy ataonareo, fantatrareo, fanonerana iray. Tsy maintsy mandoa vola ho an'izany ny olona iray. Mitondra ny harenan'izao tontolo izao eo aminy, ao amin'ny tenany, ao amin'ilay fiangonana izy tenany. Ary mbola mitaingina foana izy. Oh, azo antoka fa mitaingina izy. Eny, tompoko. Mbola mitaingina foana!

303 Mariho. Ity ilay ampahany tsara ankehitriny. Mariho.

. . . *jereo* fa *ianao aza manimba* an'io divay sy diloilo io.

304 "Kely fotsiny amin'Izany sisa no tavela eo, saingy aza mikasika an'Izany ianao!"

305 Ankehitriny, ny diloilo dia . . . manao mari-pamantarana ny Fanahy, ny Fanahy Masina. Hanome anareo andininy vitsivitsy aho raha tianareo. Misy Soratra roa eo. Ao amin'ny Levitikosy, 8:12, izay misy an'i Arona, talohan'ny nidirany, dia tsy maintsy nosorana diloilo, fantatrareo. Ary ao amin'ny Zakaria 4:12, ny amin'ny diloilo tonga, miraraka ao amin'ireo fantsona, ka voalaza hoe, "Ity No Fanahiko, Diloilo." Zavatra iray hafa, raha tianareo ny hijery ny Matio, 14 . . . 25, nisy virijiny adala iray ao, na 25:3, tsy nanana Diloilo ilay virijiny adala, tsy nanana Fanahy. Ary Matio 25:4, ilay virijiny hendry dia nanana Diloilo tao amin'ny fanilony, feno ny Fanahy. Fanahy! Ny Diloilo dia manao tandindona ny Fanahy. Oh, voninahitra! [Mitehaka ny tànany miaraka indray mandeha Rahalahy Branham—Mpand.] Eny àry. Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."] Eny àry. Ankehitriny, ny diloilo dia manao tandindona ny Fanahy.

306 Ary ny divay dia manao mari-pamantarana ny fampientanan'ny fanambarana. Oh, izaho—te-hihazakazaka manerana ny toerana aho. Manontany aho raha tsy namoha ny mpiara-monina aho, rehefa nasehon'ny Tompo ahy izany, hitanareo, "ny fampientanan'ny fanambarana." Hitanareo?

307 Ny diloilo sy ny divay, ao amin'ny Baiboly, dia mikambana miaraka, isan'andro. Naka ny konkordansa aho ary nijery. Misy fatorana iray amin'izy ireo ao, izany dia tahaka—tahaka an'*izao*, izay andehanan'ny divay sy ny diloilo miaraka, isan'andro. Hitanareo?

308 Rehefa ny Fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra nampanantenaina no voambara marina tokoa tamin'ireo Olomasiny izay feno Diloilo, dia lasa voaentana izy rehetra. Ny divay dia fampientanana. Voninahitra! Tsapako Izany izao ankehitriny izao. Voaentan'ny fifaliana, hiakiaka! Hitanareo? Ary, rehefa manao Izany, dia Izany no manana an'ilay fiantraikany iray ihany eo amin'izy ireo izay—izay ataon'ny divay eo amin'ny olona

ara-boajanahary iray. Satria, rehefa nomena ny fanambarana, an'ny Fahamarinana iray an'Andriamanitra, ka feno Diloilo ilay mpino marina, ary voambara ny fanambarana, dia tonga tena mahery ny fampientanana ka Izy no manao azy hitondra ny tenany tsy ho ara-dalàna. Marina. Voninahitra! [Mifaly ny fiangonana—Mpand.] Hitanareo, izany ilay olana amin'izy ireo ankehitriny. Marina izany, manao azy ireo hitondra ny tenany toa hafahafa.

309 Ankehitriny, raha mila Soratra ho an'izany ianareo, dia manomboha fotsiny mamaky ny Asa 2. Taiza izy ireo? Nanana ny teny fikasana izy ireo izay efa nomena azy ireo. Rehefa niraraka teo amin'izy ireo ny teny fikasana rehetra an'ny Fanahy Masina. Ary dia . . . Voamarina ara-tSoratra izany. Ankehitriny, hitanareo, ny . . .

310 Ahoana moa raha nilaza izy ireo . . . "Ankehitriny, andraso, Izy no niteny tamintsika mba hiandry ny asam-panompoantsika eto ambony eto." Ary afaka valo andro, dia hoy izy ireo hoe, "Eny, ho teneniko aminareo, ry tovolahy," hoy i Marka tamin'i Matio, "Izaho—mino aho fa efa azontsika Izany, ry namana. Tsy mihevitra tahaka an'izany ve ianareo? Hitanareo, efa azontsika Izany. Raha mbola eo am-piandrasana ny asam-panompoantsika isika ankehitriny, dia tokony handeha hivoaka fotsiny isika, hitory teny. Izy no niteny tamintsika mba hiakatra eto sy hiandry, ary efa valo andro izao no naha-teto antsika."

"Eny, ndao isika hiandry anankiray hafa."

311 Tonga ny sivy andro. Avy eo dia tonga i Marka, na—na—na angamba ny iray tamin'ny sisa tamin'izy ireo, Jaona, nanao hoe, "Izaho—izaho—mino aho fa tsy tokony hiandry intsony isika. Mino aho fa efa azontsika Izany. Sa tsy izany?"

312 Avy eo dia toa hitako i Simona, satria izy no nanana an'ireo fanalahidy, fantatrareo. "Ankehitriny dia andraso iray minitra, ry tovolahy! Manana zavatra ho lazaina mikasika an'izao ny Soratra. Tsy niteny tamintsika mihitsy Izy hoe firy andro no iandrasana. Hoy Izy hoe, 'Mijanòna any mandra-paha! Mijanòna any ianareo mandra-pisehon'ny faminanian'i Joela, mandra-pahatongan'ny faminanian'i Isaia ho voamarina.'"

313 "Fa amin'ny molotra miambakambaka sy fiteny hafa no Hitenenako amin'ity vahoaka ity. Ary izao no famelombelomana." Izao no divay izay nararaka. Inona ny divay, ao amin'ny Baiboly? Famelombelomana. "Izao no famelombelomana izay avy eo amin'ny Fanatrehan'ny Tompo." Hitanareo? Izany dia—izany dia tsy maintsy ara-tSoratra ankehitriny. Hitanareo?

314 Noho izany, hitanareo, ny divay dia maneho ny fampientanan'ny fanambarana. Ary rehefa nilatsaka ny Fanahy Masina, ka nahita ny Afon'Andriamanitra nilatsaka teo aminy izy ireo, oadray, dia nanomboka nampientana

azy ireo izany. Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, dia lasa tena voaentana izy ireo hany ka nihevitra tokoa ny olona fa mamo izy ireo, saingy voaentan'ny fanambarana izy ireo. Tamin'ny alàlan'Andriamanitra . . . Izay ilay izy! Ny fanambaran'Andriamanitra voamarina, natao mazava tamin'izy ireo, dia faly izy ireo mikasika an'Izany. Andriamanitra no nampanantena an'izany. Indro fa voambara tamin'izy ireo izany, ary voamarina tamin'izy ireo. Amena! Indro nitsangana teo ny lehilahy iray, nanao hoe, "Ity Izany! Ity Izany!" Ary teo Izany, efa voamarin'ilay famantarana iray ihany izay ananantsika amin'izao andro izao. Misy ny—misy ny fampientanana amin'ny alàlan'ny fanambarana. Hitanareo? Ary, ankehitriny, tena nanana Azy marina tokoa izy ireo tamin'izany.

315 Izany no antony nahafahan'i Petera nivoaka tany, ka nanao hoe, "Nahoana, ianareo lehilahy avy any Jodia, ary ianareo izay monina ao Jerosalema, henoy aho. Ianareo Dokotera momba an'Andriamanitra rehetra, henoy izay ho teneniko aminareo, hitanareo."

316 Oh, mahafinaritra toy ny ahoana! Voambara! Voambara! Lasa tena voaentana izy ireo rehefa nahita an'izany voambara. Izany foana mihitsy no ataon'izany. Izany foana no ataony.

317 Rehefa hitako fa Andriamanitra no nampanantena fa hanao zavatra iray amin'ity andro ity, rehefa Izy no nampanantena hamaha an'ireto Tombokase ireto amin'ny andro farany! Ary tsy fantatrareo ny fifaliana, ny voninahitra, rehefa nahita Azy nanambara an'ity aho, nitsangana tany ary nandinika an'izany nitranga! Ary mahafantatra fa hila ny olona rehetra aho, hihaika hoe: Izy dia tsy nilaza zavatra tamintsika mihitsy ka tsy nitranga tahaka an'izany. Ary avy eo ny mahita ny fifaliana izay ao am-poko, rehefa mahita ny Fampanantenany ho an'ity andro farany ity aho, araka ny Nampanantenany hanao an'izany. Ary indro fa hitako izany voamarina sy natao marina tanteraka. Izaho fotsiny dia . . . Mandre ahy ianareo manao hoe, "Mahatsapa ho mpivavaka aho." Izany ilay zavatra. Tena mafy ilay fampientanana, izaho—izaho—izaho fotsiny—saiky vonona fotsiny ny hitabataba aho, fantatrareo. Fampientanana, avy amin'ny fanambarana! Eny àry.

318 Lasa tena voaentana izy ireo, teo amin'ilay—ilay fanambarana, ka nanamarina izy ireo, eny àry, an'ilay teny fikasana. Ankehitriny, oh, oadray! Teo no nivoaka ny fifalian'ny fampientanana, hany ka hoy ny olona hoe, "Mamon'ny divay vaovao izy ireo," rehefa nanambara ny Fampanantenany tamin'izy ireo Andriamanitra. Ary tsy nanambara an'izany fotsiny ihany Izy, fa nanaporofo an'izany Izy.

319 Izany foana no nolazaiko. Afaka milaza ny zavatra rehetra ny olona iray, hia, afaka mahay milaza ny zavatra rehetra izy; saingy rehefa tonga Andriamanitra ka manamarina an'izany!

320 Ankehitriny, hoy ny Baiboly hoe, "Raha misy anankiray eo anivonareo, izay mihambo ho ara-panahy na mpaminany iray, raha milaza an'ireo zavatra ireo izy nefa tsy miseho izany, amin'izay fotoana izay dia aza miraharaha azy. Aza matahotra azy, mihitsy. Aza matahotra an'izany olona izany. Fa raha milaza an'izany izy ka miseho ilay izy; dia Izaho izany, hitanareo. Izaho, Izaho no ao anatin'izany. Izany no manaporofo fa Izaho izany."

321 Ary, avy eo, ilay vehivavy Samaritana kely. Rehefa nilaza ny Soratra fa ity Mesia ity no hanao an'ireo zavatra ireo, ka indro Izy nitsangana ary nanao marina tokoa an'izay nolazain'ny Soratra. Hoy izy hoe, "Io Izy. Avia, jereo ny Lehilahy iray! Tsy izao marina tokoa ve ilay zavatra izay nolazain'ny Soratra fa hitranga?" Hitanareo, lasa tena nentanin'ny fanambarana izy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Lasa tena nentanin'ny fanambarana izy, rehefa voamarina izany. Hitanareo? Marina izany. Fantany fa teo dia nisy . . .

322 "Fantatray fa ho avy ny Mesia, Izay antsoina hoe Kristy. Ary rehefa tonga Izy, dia Izy no hanao an'ireo zavatra ireo." Hitany izany.

Ary hoy Izy hoe, "Izaho no Izy."

323 Tamin'izay fotoana izay no nanomboka ny fampientanana. Ary lasa izy, nihiakiaka, ary nanerana ny tanàna. Navelany ny sinin-dranony tranainy, ary nandeha nankany izy, ka nilaza tamin'ireo lehilahy hoe, "Avia, jereo!"

324 Ankehitriny, raha mba nahafantatra an'ireo fombafomba Tatsinanana fotsiny mantsy ianareo, dia ratsy ho azy ny manao an'izany. Eny, tompoko. Ny vehivavy iray amin'io karazana io, tsy hisy olona hihaino azy. Tsia, tompoko. Hitanareo, nanana marika iray izy, ary rehefa izy . . . Raha nandeha teny an-dàlambe tahaka an'izany izy, ary nihetsika tahaka an'izany, dia tsy miraharaha azy ireo lehilahin'ny làlambe.

325 Saingy, rahalahy, nanana ny Tenin'ny Fiainana izy teo! Voaentana izy. Ianareo dia afaka . . . Izany dia tahaka ny mamono trano iray, mirehitra, amin'ny andro mandrivotra. Oh, misy zavatra iray mikopaka azy! Izy dia—vonona izy. Eny. Tsy afaka namono an'Izany izy ireo. Izany no Afon'Andriamanitra mirehitra. Eny, tompoko. Hoy izy hoe, "Raha tsy mino ianareo fa izany no izy, dia tongava fotsiny eto amin'izay misy an'ilay fivoriana izay mandeha. Hasehoko anareo izany." Hia. Izay ilay izy. Hia. Eny, tompoko.

326 Ary noho izany dia nandeha tany ireo lehilahy. Ary tsy nanao an'izany indray mandeha indray Izy. Saingy fantatr'izy ireo fa nisy zavatra nitranga tamin'ilay vehivavy. Novaina izy, noho izany dia nino Azy izy ireo. Eny, tompoko. Nino Azy izy ireo.

327 Satria, "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ny fandrenesana ny teny fikasan'Andriamanitra, ny Tenin'Andriamanitra, ka mandinika an'Izany lasa tena misy."

Satria, voa iray Izany. Ary rehefa nafafy Izany, dia haka Aina Izany. Hamokatra an'izay Resahany fotsiny Izany. Raha tsy izany ilay izy, amin'izay fotoana izay dia tsy Voan'Andriamanitra izany. Na, ilay mpamafy no tsy nahafantatra hoe ahoana no hamafazana Azy; Izy dia tsy nirahin'Andriamanitra, mba hamafy Voa. Mety mamafy Azy ireo eo an-tampon'ny vatolampy iray izy na zavatra iray. Hitanareo? Noho izany ianareo—noho izany dia hitanareo, ilay mpamafy no mamafy ny Voa, Andriamanitra no miahy an'Izany, milatsaka eo amin'ilay toerana tsara Izany, hitanareo. Oh, oadray!

328 Noho izany dia inona no Lazainy ny amin'ity mpitaingina ao amin'ny mainty ity? "Aza manimba ny Divaiko sy Ny Diloiloko ianao! Aza mikasika an'Izany ianao, ny Divaiko sy ny Diloilo! Manana kely fotsiny an'Izany Aho eo ambany eo, saingy mbola misy kely foana eo. Hia. Ankehitriny dia afaka manohy sy mamatra an'io karazam-piainana rehetra izay apetrakao io ianao; miankina aminao izany. Handoa an'izany ianao any. Fa rehefa mifanena amin'io divay sy Diloilo io ianao, dia avelao hipetraka tsara Izany!" Oh, oadray! Raha afaka ianareo, raha ianareo . . .

329 Amin'ny teny hafa, dia tahaka an'izao, "Raha mahatratra ny sasany amin'Ny Andian'ondry keliko ianao, izay feno Ny Diloiloko sy divay, hitanao, divay sy Diloilo an'ny Teny madio, hitanao, ka hamono azy ireo ianao. Satria, ianao, manao an'izany ianao. Izany no ataonao. Aza manery azy ireo hilaza mihitsy hoe 'Arahaba ry Maria,' na hanao zavatra tahaka an'izany, na ny sasany amin'ireo fanekem-pinoanao. Esory amin'izy ireo ny tànanao. Fantatr'izy ireo izay halehany, satria voahosotry Ny Diloiloko izy ireo. Ary satria voahosotry Ny Diloiloko, dia manana ny divain'ny fifaliana izy ireo, satria fantatr'izy ireo Ny Tenin'ny fampanantenako hoe, 'Izaho no hanangana azy ireo indray.' Aza manimba an'Izany! Aza manandrana hanakorontana azy ireo. Satria, mialà fotsiny lavitra an'Izany. Tsia." Ny rehetra . . .

330 Izy no manamarina Ny Teniny ary mitondra an'Izany. Mahafantatra izy ireo. Fantatr'izy ireo fa hitsangana indray izy ireo. Oh, toy ny ahoana no itiavako an'izany! Fioo! Hitsangana indray izy ireo. Indro tonga ilay soavaly mainty, mandeha ankehitriny, ireo taona maizina.

331 Teo no nandehanan'ilay soavaly fotsy; hitantsika izay nataony, tanteraka tokoa. Indro tonga ilay soavaly mena; hitantsika marina tokoa izay nataony. Indro tonga ilay soavaly mainty. Hitanareo, izy dia ilay mpitaingina iray ihany foana, izay ataony, manerana an'ireo taona mihitsy.

332 Ankehitriny dia hitantsika, fa namatra an'izany izy ary mampandoa vola an'izany, marina tokoa: vary tritika, ara-

boajanahary, aina ara-boajanahary. Izany no niveloman'izy ireo.

333 Fa, manao mari-pamantarana; Fanahy, Diloilo; ary ny fifalian'ny divay. "Io Aina ara-panahy io, aza manimba an'Izany. Avelao hipetraka tsara Izany!" Amin'ny teny hafa, "Ry Roma, aza mikasika an'Izany ianao! Ahy Izany! Ahy Io!"

334 Ankehitriny dia manana zavatra iray hafa aho eto izay tiako ho fantatrareo. Mariho, tsy ny anankiray tamin'ireo Zava-manan'aina efatra no nilaza hoe, "Aza mikasika ny Diloilo sy ny divay." Efa voamarikareo ve izany? Niresaka ireo Zava-manan'aina efatra, saingy . . . Diniho, mamelà ahy hamaky eto fotsiny, kely fotsiny, hitanareo, ankehitriny.

> . . . *fatra,* venty, *ho an'ny—ho an'ny . . . venty ny vary tritika, ary venty ny vary hordea intelon'ny fatra; ary jereo* fa *ianao aza manimba ny* divay *sy . . . diloilo.*

335 Henoy eto ankehitriny.

> *Ary izaho—ary nandre feo iray aho teo afovoan'ireo zava-manan'aina efatra . . .*

336 Inona Izany? Ny Zanak'ondry! Amena! Izany dia tsy ireo Zava-manan'aina efatra. Ny Zanak'ondry no nilaza an'izany. Nahoana? Haka ny Azy Manokana Izy. Azy izany. Izy no nanavotra an'izany. Hitanareo? Amena! "Aza mikasika an'io Diloilo io ianao!" Tsia, tompoko. Tsy ireo Zava-manan'aina efatra, fa ny Zanak'ondry no ilay Anankiray izay nilaza an'izany. Ary, oh, oadray! Ny Zanak'ondry! Tsy . . . Tsy ireo Zava-manan'aina efatra no nilaza an'io. Ny Zanak'ondry no nilaza, Izy tenany.

337 Rehefa nilaza ireo Zava-manan'aina efatra hoe, "Avia ka jereo," dia nandeha izy ireo, ary tahaka an'izany no nahitan'izy ireo azy.

338 Ary hoy Izy hoe, "Venty ny vary tritika iray fatra, ary ny fat- . . . ary betsaka tahaka an'*izao*, ary vary hordea betsaka." Fa rehefa niantsoantso ny Zanak'ondry, teo anivon'izy ireo mihitsy, nanao hoe, "Fa aza manimba ny divay sy ny Diloilo!" Ah-hah. Marina izany. Oh, oadray! Henoy izany, "Aza manimba an'Izany, ry tovolahy, raha tsy izany dia handoa an'izany ianao indray andro any." Oh, oadray!

Amin'ny sivy sy sasany.

339 Eny, amin'ny tsara indrindra amin'ny fahazoako, ary ny tsara indrindra izay fantatro, ary miaraka amin'izay rehetra inoako ato am-poko, dia izany no dikany marina an'ireo Tombokase telo ireo. Te-hisaotra an'Andriamanitra aho ny amin'izany. Ary hilaza an'izao aho, hoe, izany no fanambarana izay Nomeny ahy. Izy no nanome ahy an'izany, ny fanambarana an'Izany. Ary tena mino aho fa miaina ao amin'ny andro farany isika.

340 Rahampitso hariva dia haka an'io soavaly hatsatra io isika. Ary ankehitriny dia tsy mahafantatra aho. Tena tsy mahafantatra aho. Andriamanitra no mahafantatra fa marina izany. Tena tsy mahafantatra zavatra anankiray mikasika an'izany aho. Tsia.

341 Nijery tao amin'ny lohahevitro fahiny izay nananako taona maro lasa aho. Nahita an-dRahalahy Graham Snelling aho vao teo; mety efa lasa nivoaka izy. Fa, tsaroako rehefa nitory teny aho teto, tany aloha. Nijery aho mba hahita an'izay nolazaiko taona maro lasa. Indray andro dia nandinika ny Bokin'ny Apokalypsy aho, naka an'ireo mpitaingin-tsoavaly efatra rehetra ireo indray mandeha aho.

342 Hoy aho hoe, "Soavaly fotsy iray, izany dia ilay fiangonana voalohany, tsy isalasalana." Namaky an'izany avy tao amin'ny Bokin'ny Advantista aho. Ary namaky zavatra iray aho tao. Hoy aho hoe, "Izany dia ilay fiangonana voalohany izay nandroso, nandresy." Ary ilay anankiray manaraka dia soavaly mainty iray, hoy aho hoe. . . Adinoko hoe inona no niantsoako an'io soavaly mainty io. Hoy aho hoe. . .

343 Na, "Ilay soavaly mena," raha ny marina, hoy aho hoe, "io soavaly io angamba dia midika fa—fa eo an-dàlana ny olana, ary hidika izany fa ady betsaka no hihantona, na zavatra tahaka an'izany." Hoy aho hoe, "Angamba hisy ady betsaka." Hoy aho hoe, "Ho izany io." Ary avy eo dia hoy aho hoe, "Ilay—ilay hatsatra soa-. . . "

344 Na, "Ilay—ilay soavaly mainty," hoy aho, "izany—izany dia midika fa—fa angamba hisy fotoana mainty iray eto an-tany, rehefa ny kintana rehetra hi—hitsahatra tsy hamiratra; ny masoandro hilentika, ary ny volana tsy hanome ny hazavany." Hoy aho hoe, "Izany angamba no dikan'io."

345 Hoy aho hoe, "Ilay soavaly hatsatra, izany dia midika fa ho avy ny aretina betsaka." Ankehitriny, tsy fantatro ny dikan'izany. Fa, izany dia, izany no fandikako azy tamin'izany, satria naka ny tsara indrindra arak'izay vitako fotsiny aho, nitsangana teto amin'ny polipitra teto.

346 Saingy, oh, saika nilaza zavatra iray aho! Eny àry. Ham! Oh! Ianareo dia—hahita ianareo. Diniho fotsiny, hitanareo.

347 Ankehitriny, oh, tsy faly ve isika ny amin'ity ora izay iainantsika ity! [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Rehefa hitantsika mifarana io zavatra rehetra io, dia mihevitra aho hoe:

> Rava ireo firenena, mifoha Isiraely,
> Ireo famantarana izay nolazain'ny mpaminany mialoha;
> Voaisa ny andron'ny Jentilisa, miaraka amin'ny tahotra manarona;
> "Miverena, O ry niely, amin'ny anareo manokana."

Akaiky ny andron'ny fanavotana,
Raiki-tahotra ny fon'ny olona;
Aoka ho fenoina ny Fanahy, ny fanilonareo hadio sy hazava,
Miandrandrà, akaiky ny fanavotana anareo! (Oh, oadray!)

Mandainga ireo mpaminany sandoka, lavin'izy ireo ny Fahamarinan'Andriamanitra,
Hoe Jesosy ilay Kristy no Andriamanitsika;

Mino an'Izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

Fa handeha eo amin'izay nitsahan'ireo apostoly isika.

Satria akaiky ny andron'ny fanavotana,
Raiki-tahotra ny fon'ny olona;
Aoka ho fenoina ny Fanahy, ataovy madio sy mazava ny fanilonareo,
Miandrandrà, akaiky ny fanavotana anareo!

348 Tsy mahafinaritra ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tiako izany. Akaiky ny fanavotana.

Ary hisy Hazavana amin'ny andro hariva,
Ny làlana mankany amin'ny Voninahitra dia azo antoka fa ho hitanao;
Ao amin'ny làlan'ny rano, ilay Hazavana amin'izao andro izao;
Voalevina ao amin'ny Anarana sarobidin'i Jesosy.
Tanora sy antitra, mibebaha amin'ny fahotanareo rehetra,
Ny Fanahy Masina dia azo antoka fa hiditra ao;
Tonga ny Hazavan'ny hariva,
Tena zava-misy fa Andriamanitra sy Kristy dia Iray.

Izy no Teny! Oh, oadray! Mahafinaritra!

Tsy ho ela dia haka Ny Ampakariny ny Zanak'ondry ho eo Anilany mandrakariva,
Ho tafavory ny tafiky ny Lanitra rehetra;
Oh, ho fahitana be voninahitra iray izany, ny olo-masina rehetra hitafy fotsy tsy misy pentina;
Ka hisakafo Mandrakizay miaraka amin'i Jesosy izy ireo.

Oh, "Avia ka mihinàna," miantso ny Mpampianatra hoe, "Avia ka mihinàna;"
Oh, afaka mihinam-be eo amin'ny latabatr'i Jesosy amin'ny fotoana rehetra ianao;

Izy izay namoky marobe, nanova ny rano ho divay,
Miantso ny noana ankehitriny hoe, "Avia ka mihinàna."

Oh, "Avia ka mihinàna," miantso ny Mpampianatra hoe, "Avia ka mihinàna;" (Mihinàna eo amin'ny Teny!)
Afaka mihinam-be eo amin'ny latabatr'i Jesosy amin'ny fotoana rehetra ianao;
Izy izay namoky marobe, nanova ny rano ho divay,
Miantso ny noana ankehitriny hoe, "Avia ka mihinàna."

349 Oh, oadray! Noana ve ianareo? [Mifaly ny fiangonana—Mpand.] "Sambatra ireo izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana."

350 Tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tianareo ve Izy? Ny naoty ho an'ny *Tiako Izy*, fantatrareo. Ndao isika hitsangana fotsiny ankehitriny, ka hanangana ny tànantsika ary haneho ny tenantsika Aminy. "Tiako Izy, tiako Izy satria nitia ahy mialoha Izy." Eny àry, ny rehetra miaraka ankehitriny.

Tiako Izy, tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

351 [Miteny amin'ny fiteny hafa ny rahalahy iray. Miato Rahalahy Branham—Mpand.] Tena manaja fotsiny. Manana mpandika teny iray isika eto, Rahalahy Higginbotham. Tsy fantatro raha eto izy izao hariva izao, na tsia. Isika dia mila, mahita an'izay Nolazainy tamintsika. Andraso iray minitra fotsiny. Indro, indro . . . [Manome fandikana ny anabavy iray.]

352 Azo antoka, deraina ny Tompo! Misandratra avo any amin'Andriamanitra ny finoako. Ianareo, tia Azy ve ianareo, izao hariva izao, amin'ny fonareo rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Oh, derao Izy, ka manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo Jesosy!" [Midera an'Andriamanitra ny fiangonana.]

353 Toy ny ahoana no anomezanay Anao ny dera, miaraka amin'ny fonay rehetra, Tompo! Voninahitra ho an'Andriamanitra!

354 Omeo dera fotsiny Izy, ianareo olona rehetra. Homba anareo anie Andriamanitra! [Mitohy mifaly sy midera an'Andriamanitra ny fiangonana—Mpand.]

Ny Tombokase Fahatelo MAG63-0320

(The Third Seal)

Andian'Ny Fanambarana An'Ireo Tombokase Fito

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alarobia hariva, 20 Marsa, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org